Like, *ad.* toy izany, tahaky izany.
Like, *v. a*, & *v. n*, tia, maniry, mankasitraka, mila, saiky.
Likelihood, *s.* ny toa marina, fitoviana.
Likely, *a.* tokony izany, inoana, heverina.
Likely, *ad* angaha, izany tokon an-

Liken, *v, a.* mampitovy, manahaka' manao tahaka.
Likeness, *s.* fitoviana.
Likewise, *ad.* toy izany, koa, kosa.
Liking, *s.* fitiavana.
Lily, *s.* voninkazo.
Limb, *s.* ny momba ny tena tsirairay, toy ny sandry, ny ranjo, &c. sasany izay misy tonony, sisiny.
Limb, v, *a.* manisy limb, mamiravira.
Limbed, *a.* voa isy limb.
Limber, *a.* milefitra, mora alefitra.
Limberness, *s.* hamorana, ny ahazoany ho mora alefitra.
Lime, *s.* sokay.
Lime, v, *a.* manisy sokay.
Limekiln, *s.* fandoroantsokay.
Limestone, *s.* vato sokay.
Limewater, *s.* rano misy sokay.
Limit, *s.* sisiny, efitra, faritra, fangitra.
Limit, v, *a.* manefitra, mamaritra.
Limitation, *s.* fiaferana, famerana, misy antony.
Limn, v, *a*, manao endri-javatra.
Limner, s. mpanao sarin-javatra.
Limp, *s.* mandringia.
Limp, v, *n.* mikiotrifa.
Limpid, *a.* madio, mazava, mangarangarana.
Limpidness, *s.* hadiovana.
Limpingly, *ad.* mikiotrifa, mibeha-beha.
Limy, *s.* madity.
Linchpin, *s.* hombony ny fanodinany ny kodia.
Line, *s.* tsipikia, kofehy, ny milahatra, faritra.
Line, v, *a.* manisy zavatra anatiny ny zavatra hafa, mandrakotra.
Lineage, s. zanaka, havana, karazana, taranaka, tetiarana, firazanana.
Lineal, *a.* misy tsipikia, karazana, mandimby, mandova.
Lineally, *ad.* manaraka indrindra, avy amy ny mahitsy.
Lineament, *s.* tarehy, endrikia, sary.
Linear, *a.* misy tsipikia.
Linen, *s.* hariry, lamba atao amy ny

Digitized by Google

rongony.
Linen, *a*, hariry ataò amy ny ron-[gony.
Linendraper, *s*. mpivaro-damba.
Linger, *v*, *n*. maharitra, misalasala, mahela, misodisody.
Lingerer, *s*. mpihiaela, mpisalasala, mpitoetoetra.
Lingeringly, *ad*. ela, misodisody, miezanezana.
Linguacious *a*. maro vava, be resaka, be teny.
Linguist, *s*. mpahay ny teny ny olona.
Liniment, *s*. menaka, fanafody ahosotra.
Lining, *s*. sarona anaty, ny aty.
Link, s. ny vy, na vola boriborý, iray amy ny ravamaso, na tongalikia, fampikiambanana, fanilo.
Link, *v*, *a*. fampikiambanana, mampiray.
Linkboy, *s*. ankizy lahy mpitondra fanilo.
Linseed, *s*. voandrongony madinikia.
Linseywoolsey, *a*. ataò amy ny rongony sy volon'ondry mihiaro, ratsy. [dro.
Linstock, *s*. tehina handefana tafon-
Lint, *s*. vorondrongony.
Lintel, *s*. tataombaravarana.
Lion, *s*. biby dia lehide sady matanjaka.
Lioness, *s*. lion vavy.
Lip, *s*. molotra.
Lipped, *a*. misy molotra.
Lippitude, *s*. didy maso.
Liquable, *a*. mety ho rendrikia, met ho levona.
Liquate, *v*, *n*. levona, rendrikia.
Liquefaction, *s*. fandrendrehana.
Liquefiable, *a*. mety rendrikia, mety levona.
Liquefy, *v*, *a*. mandevona, mandrendrikia, mampiempo.
Liquefy, *v*, *n*. tonga toy ny rano, miempo. [rano.
Liquescence, *s*. ny ahazoany hody
Liqueur, *s*. anaran-javatra mamy ho sotroina.
Liquescent, *a*. mody rano, miempo.
Liquid, *a*. rano, tsy zavatra mivongana na mafy, toy ny rano.
Liquid, *s*. zavatra toy rano.
Liquidate, *v*, *a*. manefa, manafaka, mandany trosa.
Liquidity, liquidness, *s*. ny fomba ny ny zavatra maharano azy.
Liquor, *s*. fisotro, zavatra toy ny rano.
Lisp, *v*, *n*. miraikidela, adala vava.
Lisp, *s*. fanao ny ny miraikidela.
Lisper, *s*. mpiraikidela. [po.
List, s. fanisana, isa, filazanisa, sitra-
List, *v*, *n*. tia, mety, maniry, sisindamba.
List, *v*, *a*. maka, mifidy ho miaramila, mihaino.
Listed, *a*. misoratsoratra.
Listen, v, *n*. mihaino.
Listener, *s*. mpihaino.
Listless, *a*. —ly, *ad*. tsy mitandrina, matiarikia.
Listlesness, s. tsy fitandremana.
Litany, s. teny fivavahana.
Literal, *a*. —ly, *ad*. manaraky ny heviny alaina amy ny fototeny.
Literary, *a*. ianarana.
Literate, *a*. mahay, mianatra.
Literati, s. ny mahay.
Literature, s. fianaran-tsoratra.
Lithography, s. soratra amy ny vato, sorobato.
Lithomancy, s. faminaniana amy ny ny vato, vato faminaniana.
Lithotomy, s. mandidy vato ao amy ny tavaniana. [na.
Litigant. s. mpiady teny amy n'olo-
Litigant, *a*. miady, (ady fananana.)
Litigate, v, *a*. & v, *n*. miady.
Litigation, s. ady amy ny fitsarana.
Litigious. *a*. bepaka, mila ady, tia bedibedy, tia ady amy ny fitsarana.
Litigiously, *ad*. miadiady.
Litigiousness, *s*. ditra, fibedibedena.
Litter, s. fandriana, lafikia, vorona.
Litter, v, *a*. manahaka, miteraka.
Little, *a*. *ad*. kely, kitikia, bitikia.
Little, *s*. fahakelezana, zava-kely, mandinikia.
Littleness, *s*. fahakely ny.

Digitized by Google

Liturgy, s. teny fivavahana.
Live, v, n. velona, miaina.
Live, a. velona.
Livelihood, s. fahavelomana, fiaina-
Liveliness, s. aina, fahavelomana.
Livelong, a. mandeha miadana, mateza, ela, maharitra.
Lively, —lily, a. —ly, ad. mahery, matanjaka, be aina, zinjina.
Liver, s. aty; velona, mpiaina.
Livercolour, a. manja.
Livery, s. fitafiana ny mpanompo.
Liveryman, s. mpiakanjo livery, ankizy n'olona, namana ny antoko any London, atao hoe Company.
Livid, a. mangana.
Lividity, s. hamanganana.
Living, s fivelomana, fiainana.
Lixivium, s. rano misy fanasina, atao zavatra.
Lizard, s. androngo, antsiantsy.
Lo, int. he! indro!
Load, s. entana, fahavesarana.
Load, v, a. manisy entana, manatatao, mamesatra, mamahambasy.
Loadstone, s. magnet; andriamby, famantarana avaratra.
Loaf, s. ampempa, mofo.
Loam, s. tany lonaka.
Loam, v, a. manisy tany lonaka.
Loamy, a. tany lonaka misy loam.
Loan, s. zavatra samborina, indramina.
Loath, a. tsy tia, malaina.
Loath, v, a. tola, tsy tia, mahamonamonaina.
Loathful, a. tsy tiana, hala.
Loathingly, ad. tsy tia.
Loathsome, a. hala, mahatola.
Loathsomeness, s. fahamonamonaina.
Lobby, s. efitra fidirana mankamy ny trano.
L be, s. ny izarany, toy ny amy ny tsaramaso, antsasany, zara.
Lobster, s. orana.
Local, a. monina, mitoetra.
Locality, Location, s. fitoerana.
Locally, ad. mitoetra.
Lock, s. hidy, satambasy; fiainandrano amy ny Canal, volo mitambatra.
Lock, v, a. manidy,
Lock, v, n. mihidy, mikiatona.
Locker, s. vata misy hidy.
Locket, s. hidy ny kofehimbakana.
Locomotion, s. fifindrampitoerana.
Locomotive, a. mifindra toerana.
Locust, s. valala.
Lodge, v, a. & v, n. mampitoetra kely kely, mamponina toy ny vahiny, mametraka, mampitoetra, mitoetra.
Lodge, s. tranokely any antsaha; tranokely.
Lodger, s. mpitoetra amy ny trano n'olona tambazana.
Lodging, s. fitoerana ao an-trano n'olona tambazana, fonenana, fierena.
Lodgment, s. fivoriana, manda afaka.
Loft, s. trano ambony.
Loftily, ad. avo, ambony, miavona-
Loftiness, s. hahavony, hatsarana. fireharehana, fiavonavonana.
Lofty, a. avo, ambony, tsara, miavona.
Log, s. fotokazo, voditronga, tsimivadimandry.
Logarithms, s. fanisa, anaran-isa.
Loggerhead, s. —ed, ad. adala, tsy manantsaina, geigy.
Logick, s. fiheveran-teny, fianarana, fandaharankevitra mahitsy, fanamarinan-teny.
Logical, a. mifanaraka amy ny Logick.
Logically, ad. mahitsy, manaraky ny logick.
Logician, s. mahay logick.
Logomachy, s. fampiadian-teny.
Loin, s. lamosina voa didy ny mpivaro-kena, voa ao anaty.
Loiter, v, n. mitoetoetra foana, maudany ny andro, mitaredretra.
Loiterer, s. kamo, kalaina.
Loll, v, n. miankinankina foana, mihazahaza foana.
Lone, a. tokana, izy irery, irery.
Loneliness, Loneness, s. fitoerana

Digitized by Google

irery, ny mitoetra irery.
Lonely, Lonesome, *a.* irery, tokana.
Long, *a.* lava, ela.
Long, v, *n.* maniry, manina, malahelo.
Longboat, *s.* lakandrafitra lehibe ao an-tsambo.
Longevity, *s.* fahelana ny andro iainana.
Longimanous, *a.* lava-tanana.
Longing, *s.* faniriana, ratsy aina.
Longingly, *ad.* manina.
Longitude, *s.* lavany, ny halavitry ny tany atsinanana sy andrefana.
Longitudinal, *a.* manaraky ny lavany.
Longsuffering, *a.* maharipo, mandefitra.
Longways, Longwise, *ad.* manaraky ny lavany.
Longwinded, *a.* lav'aina.
Loobily, *a.* drahodraho, mavesabesatra.
Looby, *s.* olona mavesabesatra.
Loof, *v, a.* mampanatona ny sambo ny rivotra.
Look, *v, n.* & *v, a.* mijery, mitady, mitsinjo, mahita, miandry, mitandrina, manoro, miseho.
Look, *int.* indro! he!
Look, *s.* tarehy, fahitana.
Looker, *s.* ny mijery.
Lookingglass, *s.* fitaratra.
Loom, *s.* tenona.
Loop, *s.* tady voavarana.
Looped, *a.* misy tady voavarana.
Loophole, *s.* loaka, fidirana, fivoahana, fialana.
Loopholed, *a.* misy loaka, loadoaka.
Loose, *v, a.* mamaha.
Loose, *v. n.* miala, miaingia.
Loose, *a.*—ly, *ad.* mivaha, boraka, mirerarera, jejojejo, borera, tsy mitandrina, afaka.
Loosen, *v, n.* mivaha, miavaka, miala, mihataka.
Loosen, *v, a.* mamaha, mahafaka.
Looseness, *s.* fiborahana, fijejojejona, manehitra.
Lop, *v, a.* manapaka, mijinja, mikiapa, manentitra.
Lop, *s.* ny no tapahina.

Lopper, *s.* mpijinja hazo.
Loquacious, *a.* marovava, vavana, mibedibedy.
Loquacity, *s.* bedibedy.
Lord, *s.* Jehovah, Andriamanitra, Mpanjaka, andriana, tompo, tale, ny lahy, andriandahy.
Lord, *v, n.* manapaka, mampanompo, manaoforovato.
Lordling, *s.* andriana madinikia.
Lordliness, *s.* fiavonavonana.
Lordly, *a. ad.* miavonavona, misatasata.
Lordship, *s.* handrianana, fanapahana.
Lore, *s.* fianarana, fiheverana.
Lose, *v, a.* mamery, mahavery levitra, manosy, manary.
Lose, *v, n.* very, mihena.
Loseable, *a.* mety very.
Loser, *s.* ny resy.
Loss, *s.* ny very, ny averezana, fatiantoka, ny tsy ahitana.
Lot, *s.* anjara, zara, vintana, loka.
Lotion, *s.* ody fanasana.
Lottery, *s.* filokam-bola, loka.
Loud, *a.* maharenina, mafy, avo feo, midradradradra.
Loudly, *ad.* mafy, avo feo.
Loudness, *s.* feo, habavony ny feo, fihorakorahana.
Love, *v, a.* tia.
Love, *s.* fitia, fitiavana, fisakaizana, fihavanana.
Loveletter, *s.* taratasy milaza ny fitiavana.
Lovelily, *ad.* mahafinaritra, tia.
Loveliness, *s.* ny mampahatia.
Lovely, *a.* mampahatia.
Lover, *s.* mpitia, sakaiza, vazo.
Lovesick, *a.* matimpitia, manina.
Lovesong, *s.* kalo, vazo.
Lovesuit, *s.* filam-bady.
Lovetale, *s.* angano milaza ny fifankatiavana.
Lough, *s.* kamory, farihy.
Loving, *part.* tia.
Lovingkindness, *s.* fitiavana, fiantrana.
Lovingly, *ad.* tia, miantra.
Lovingness, *s.* fitiavana.

Digitized by Google

Lounge, *v, n.* malaina, kamo, mitoetoetra foana.
Lounger, *s.* kalaina, kamo.
Louse, *s.* hao, Lousy, *a.* be hao.
Lousily, *ad.* ratsy.
Lousiness, *s.* be hao, misy hao.
Low, *a. ad.* ambany, iva, lalina, marivo, malahelo, malemy, mora vidy.
Low, *v, n.* mima.
Lower, *v, a.* manetry, mandatsaka, maniva. [tsaka
Lower, *v, n.* mietry, mihena, mila-
Lower, *v, n.* mandrahona, mikietronketrona, mikiehankehana.
Lower, *s.* be rahona.
Loweringly, *ad.* manjombonjombona, mandrahondrahona.
Lowermost, *a.* ambany indrindra.
Lowland, *s,* tany iva, heniheny, lembalemba.
Lowlily, *ad.* manetry tena.
Lowliness, *s.* fanetrentena, falahelovana.
Lowly, *a.* manetry tena, malemy fanahy, iva.
Lowness, *s.* hahivana, halahelovana.
Lowthoughted, *a.* mihievitra zavatra madinidinikia.
Lowspirited, *a.* mijoretra, malahelo, kivy.
Loyal, *a.* mankato, marina, manehitra andriana, manaraka.
Loyalist, *s.* ny manehitra andriana.
Loyally, *ad.* manehitr'andriana.
Loyalty, *s.* fankatoavana ny andriana. [v.i.
Lozenge, *s.* fanafody levonina amba-
Lubber, *s.* kamo, kalaina.
Lubberly, *a. ad.* drahodraho, adaladala. [ma.
Lubricate, lubricitate, *v, a.* manda-
Lubricity, *s.* fahalamana, fibolisarana, fiovaovana, fisolifahana, fijejojejoana.
Lubricous, *a.* malama, malembolambo, tsy azo azo.
Lubrification, lubrifaction, *s.* ny alambolamboana.

Lucent, *a.* mamirapiratra, mihialontralona.
Lucid, *a.* mazava, mangirangirana, mangarangarana. [na.
Lucidity, s. famirapiratana, hazava-
Luciferous, lucifick, *a.* manazava.
Luck, *s.* vintana, zara.
Luckily, *ad.* vintanina, lavony.
Luckiness, *s.* vintana tsara, soa.
Luckless, *a.* ratsy vintana.
Lucky, *a.* tsara vintana.
Lucrative, *a.* mahasoa, mampahazo.
Lucre, *s.* tombony, harena.
Lucriferous, lucrifick, *a.* mahasoa, mahalavo.
Lucubrate, v, *n.* misaina alina.
Lucubration, *s.* fisainana alina.
Lucubratory, *a.* atao alina.
Ludicrous, *a.* —ly, *ad.* mampihomehimehy, mamosobosotra.
Ludicrousness, *s.* vosobosotra.
Luff, *v, n.* manatona ny rivotra eny andranomasina.
Lug, *v, a.* mitarikia.
Luggage, *s.* entana.
Lugubrious, *a.* mahalahelo.
Lukewarm, *a.* —ly, *ad.* matimaty, tsy marisikia.
Lukewarmness, *s.* tsy farisihiana.
Lull, *v, a.* mampahatory, manary dia, mampandry, mihirahira.
Lullaby, *s.* hira ny zaza kely, fanariandia.
Lumbago, *s.* anaran'aretina maharary manodidina ny vaniana.
Lumber, *s.* zavatra vaventiventy tsy azo atao zavatra intsony.
Lumber, *v, a.* zavatra miavovona foana.
Luminary, *s.* fahazavana.
Lumination, s. fanazavana.
Luminous, *a.* mahazava, mamirapiratra, mazava.
Lump, *s.* vongany.
Lump, *v, a.* maka ambonganv.
Lumping, lnmpish, *a.* —ly, *ad.* mavesatra, lehibe.
Lumpy, *a.* mivongana.
Lunacy, *s.* hadalana.

Digitized by Google

Lunar, lunary, *a.* volana.
Lunated, *a.* volantsinana.
Lunatick, *a.* adala.
Lunatick, *s.* olon'adala.
Lunation, *s.* fiovany ny volona.
Lunch, luncheon, *s.* ody ambavafo, hanina.
Lungs, *s.* havokavoka.
Lurch, *v, a.* mandao, mahafoy, mangalatra.
Lure, *s.* fakam-panahy, fanakatsoa-[na.
Lurid, *a.* maizimaizina.
Lurk, *v, n.* manotrikia, micry.
Lurker, *s.* mpanotrikia.
Lurkingplace, *s.* fierena, fanotreha-[na.
Luscious, *a.* —ly, *ad.* mamy.
Lusciousness, *s.* hamamiana.
Lusorious, lusory, *a.* milalao.
Lust, *s.* filandratsy.
Lust, *v, n.* mila, tia, tahahazo.
Lustful, *a.* —ly, *ad.* mila, mila vehivavy.
Lustfulness, *s.* fijejojejoana.
Lustily, *ad.* mahery.
Lustiness, *s.* hery, hatanjahana.
Lustral, *a.* mahadio.
Lustration, *s.* fandiovana, fanasana.
Lustre, *s.* famirapiratana, fahazavana, laza.
Lusty, *a.* be aina, mahery, matanja-[ka.
Lute, *s.* sodina; feta.
Lute, *v, a.* manisy lute, hanentsenana zavatra.
Lux, Luxate, *v, a.* mamava, mampipitsoka.
Luxation, *s.* famavana, fampisaraha-[na.
Luxuriance, luxuriancy, *s.* faharoroha, fitomboana, roroka.
Luxuriant, *a.* mararoka, midokadoka.
Luxuriate, *v, n.* midokadoka, milobolobo.
Luxurious, *a.* —ly, *ad.* tia zava-py, maty ny hiany no ho ny mahafinaritra azy.
Luxury, *s.* zava-py, ny mahafinaritry ny tena.
Lymph, *s.* zavatra mangarangarana toy ny rano.

Lyphatick, *s.* zavatra amy ny tena misy lymph.
Lymphatick, Lymph, *a.* mitondra lymph.
Lynx, *s.* biby misoratsoratra mahiratra haingian-tongotra.
Lyre, *s.* anara-mozikia.
Lyrical, lyrick, *a.* mifanaraka amy ny lyre.
Lyrist, *s.* mpitondra lyre.

M

Mace, *s.* famantarana ny mpanapaka, anarankazo manitra.
Macebearer, *s.* mpitondra ny mace.
Macerate, *v, a.* mampahia, homana, mandona.
Maceration, *s.* fankahiazana, fandonana.
Machinate, *v, a.* misaina, manao sai-[na.
Machination, s. fanavan tsaina.
Machine, machinery, *s.* fanavan-javatra, fiasana.
Machinist, *s.* mpanao fanavan-java-[tra.
Mactation, *s.* mamono zavatra hanalamboady.
Macula, maculation, *s.* zavatra iray mipentina, tsiny.
Maculate, v. *a.* mampamentimpenti-[na.
Mad, *a.* adala, very saina.
Madam, *s.* tompo ko vavy, rafotsy.
Madbrain, madbrained, *a.* malaky tezitra, adala, fozina.
Madcap, *s.* olona adala, geigy.
Madden, v, *n.* mihiadala.
Madden, *v, a.* manadala.
Madefaction, *s.* mandena.
Madefy, *v. a,* mandena, mampando.
Madhouse, *s.* trano fitsaboana olon' adala.
Madly, *ad.* adaladala.
Madman, *s.* olon'adala very saina, tsy manantsaina.
Madness, *s.* fahadalana.
Magazine, *s.* trano fitoeran-javatra, trano fitehirizana zava-maranitra, taratasy filazana zavatra maroloha.

Digitized by Google

Maggot, *s.* olitra, biby kely, angen-
ts-ngentsana. [tra.
Maggotiness, *s.* Maggoty, *a.* be oli-
Magical, magick, *a.* —ly, *ad.* tsy hita
ny nanavaña, atao amy ny magick.
Magick, *s.* fankatoavana, ody mahe-
ry.
Magician, *s.* mpanao magick, mpa-
nao ody mahery, mpanao fankato-
avana.
Magisterial, *a.* mirehareha, miavo-
navona, mitondra.
Magisterially, *ad.* miavonavona.
Magisterialness, *s.* avonavona.
Magistracy, *s.* voninahitry ny mpan-
jaka, fanapahana,
Magistrate, *s.* mpanapaka.
Magnanimity, *s.* Magnanimous, *a.*
—ly, *ad.* fanahy, hendry, matoky
marina, tsara.
Magnet, s. andriamby.
Magnetical, magnetick, *a.* manana
ny fomba ny ny andriamby.
Magnetism, *s.* fomba ny ny andri-
amby.
Magnifical, magnifick, *a.* malaza.
Magnificence, *s.* omana, haingio
tsara, hatsarana.
Magnificent, *a.* malaza, lehibe, tsa-
ra tarehy. [navana.
Magnificently, *ad.* tsara, tsy hitava-
Magnifier, *s.* mpidera, fitaratra ma-
halehibe ny zavatra jerena amy
ny, mpahalehibe.
Magnify, v, *a.* midera, mahalehibe,
manandratra.
Magnitude, *s.* halehibiazana.
Mahogany, *s.* anaran-kazo.
Maid, maiden, *s.* ankizy vavy, an-
devo vavy, vehivavy, mpitovo va-
vy.
Maiden, *s.* vaovao.
Maidenly, *a.* maotona.
Maidservant, *s.* ankizy vavy, ande-
vo vavy.
Majestical, majestick, *a.* Majesti-
cally, *ad.* manao endrik'andriana.
Majesty, *s.* mpanjaka, andriamanja-
ka.

Mail, *s.* aro, anaby vy, kitapo.
Maim, v, *a.* mandratra, manisy ki-
lema.
Maim, *s.* naratra, tsiny, kilema.
Main, *a.* ankabiazana, lohany, ma-
hery, matanjaka.
Main, *s.* dahaolo, izy rehetra, ny ra-
nomasina, ny lohany, tanv.
Mainland, *s.* tany makadiry, tany
tsy vaky ny ny ranomasina.
Mainly, *ad.* indrindra.
Mainmast, *s.* andry be ntsambo.
Mainprise, *s.* fiantohana. [bo.
Mainsail, mainsheet, *s.* lay be ntsam-
Mainyard, *s.* sakamandimby n'an-
dry ntsambo.
Maintain, v, *a.* miaro, mitahiry, ma-
bavelona.
Maintain, v, *n.* mitahiry, mitana.
Maintainable, *a.* azo ahitsy.
Maintainer, *s.* mpamelona, mpitaiza.
Maintenance, *s.* fivelomana, hanina.
Maintop, *s.* tampony ny andrintsam-
bo. [ny.
Major, *s.* maijo, mpifehy ny kapite-
Major, *a.* lehibebe kokoa.
Majority, *s.* halehibiazana kokoa,
ny maro, efa lehibe.
Maize, *s.* katsaka.
Make, v, *a.* manisy, manao, mamo-
rona, mampisy, mahazo, mikiasa,
manery, manakatra.
Make, v, *n.* manampy, mankamy ny,
manome.
Make, *s.* endrikia, tarehy, biki-
tsangana. [nefa;
Maker, *s.* mpanao, mpamorona, mpa-
Makepeace, *s.* mpampihiavana
Makeweight, s. fanampy ny lanja.
Malady, s. aretina.
Malapert, *a.* sahisahy, mahay vava,
valavala.
Malapertness, *s.* fahaizam-bava.
Male, *s.* & *a.* lahy.
Maleadministration, s. tsy fahaiza-
miraharaha.
Malecontent, malecontented, —ly,
a. mierina, mimonjomonjo.
Malecontent, s. mpierina.

Digitized by Google

Malecontentedness, s. fierenana, fimonjomonjoana.
Malediction, s, ozona.
Malefaction, s. fahadisoana, heloka.
Malefactor, s. olo-meloka, mpanota ny lalana.
Malefick, *a.* mampahita loza, tsy mahasoa.
Malepractice, *s.* fahadisoana amy ny
Malevolence, *s.* lolompo, otripo.
Malevolent, *a.* —ly, *ad.* manao lolompo, tsy miantra.
Malice, *s.* lolompo, otripo, folentikia.
Malicious, *a.* —ly, *ad.* manao lolompo.
Maliciousness, *s*, fanavandolompo.
Malign, *a.* tsy tia, ratsy, manao lolompo, tsy mahasoa.
Malign, v, *a.* manao lolompo, manaratsy.
Malignancy, *s.* fandrafiana, haratsiana, fanavan-dolompo.
Malignant, *a.* —ly, *ad.* manao lolompo, mahafaty.
Maligner, *s.* mpanao lolompo, mpaniny.
Malignity, *s.* lolompo, otripo.
Malignly, *ad.* ratsy, manao lolompo.
Malleability, malleableness, *s.* ny ahazoany velezina.
Malleable, *a*, azo velezin'tantanana.
Malleate, v, *a.* mively amy ny tantanana.
Mallet, *s.* tantanankazo.
Mallows, *s.* fiandrilavenona.
Malmsey, *s.* anaramboaloboka, divay.
Malt, *s.* barley amboarina atao beer.
Maltfloor, *s.* lampihazo, fanava-malt.
Malt, v, *n.* mahatonga malt.
Maltman, maltster, *s.* mpanao ny malt.
Malversation, *s*, fitaka.
Mamma, *s.* neny, reny.
Mammiform, *a.* sarinono.
Mammillary, *a.* nono, misy nono.
Mammon, *s.* harena, rakitra.
Man, *s.* olona, lehilahy, ankizy lahy.
Man, v, *a*, manisy olona, miaro.
Manacles, *s.* gadra foby.
Manacle, v, *a.* mangadra, mamatoka.
Manage, v, *a.* mitondra, mamoloka.
Manage, v, *n.* mifehy, mitondra.
Manageable, *a.* mora entina, zaka, azo entina, moraina.
Manageableness, *s.* ny ahazoany zakaina, hamorana.
Management, *s.* fitondrana.
Manager, *s.* mpitondra, mpandahatra, mpifehy.
Managery, *s.* fitondrana, fanao.
Mancipate, v, *a.* manandevo.
Mancipation, *s.* fanandevozana.
Mandarin, *s.* andriaudahy amy ny chinese.
Mandate, *s.* didy ny, teny n'andria-na.
Mandatory, *a.* mandidy.
Mandible, *s.* valanorana.
Mandrake, *s.* anarankazo.
Manducate, v, *a.* mandinikia, mitsa-ko.
Manducation, *s.* fandinihiana, fitsakotsakoana.
Mane, *s.* vombo.
Maneater, *s.* homan'olona.
Maned, *a.* misy vombo.
Manes, *s.* matoatoa, ambiroa.
Manful, *a.* —ly, *ad.* sahisahy, mahery fo, matoky.
Manfulness, *s.* fahatokiana.
Mange, *s.* kongonina.
Manger, *s.* fibinanambilona, tranombilona.
Manginess, *s.* be kongona.
Mangle, v, *a.* manonta lamba, mandrendrikia; mameravera, mandriatra.
Mangler, *s.* mpanonta lamba: mpamiravira.
Mango, *s.* anarankazo manga.
Mangy, *a.* tsingaohina, kongonina.
Manhater, s. tsy tia olona.
Manhood, s. tovondahy, filahiana, fahatokiana.
Maniac, s. adala, (olona.)
Maniac, maniacal, *a.* adala.
Manifest, *a.* miseho, madera, bita.
Manifest, v, *a.* maneho, mampahita, manambara.
Manifestation, s. fanehoana.
Manifestable, *a.* azo aseho.

Digitized by Google

Manifestly, *ad.* miseho marina.
Manifestness, s. ny ahitany.
Manifesto, s. kabary, fanambarana.
Manifold, *a.* —ly, *ad.* maro sosona.
Manikin, s. lehilahy madinidinikia, kely ray.
Mankiller, *s.* mpamono olona.
Mankind, *s.* olombelona, olona.
Manlike, *a.* tahaky ny lehilahy.
Manliness, *s.* fahenjanana.
Manly, *a.* matoky, tsy osa, lehilahy.
Manna, *s.* anaram-panafody: zavatra nomen'Andriamanitra ny Jiosy tany an-efitra.
Manner, *s.* fanao, sambo, sata, fomba, hejaka.
Mannerist, *s.* olona tsy miova fanao.
Mannerliness, *s.* fanajana.
Mannerly, *a. ad.* manaja, mahay mitondra tena.
Mannikin, *s.* manikin; olona kely, zeny. [lahy.
Mannish, *a.* matoky, sahisahy, lehi-
Manœuvre, *s.* saina, fanavantsaina.
Manor, *s.* fanapahana.
Manorial, *a.* momba ny manor.
Mansion, *s.* trano, fonenana.
Manslaughter, *s.* mamono olona, mamono olona tsy nahy.
Manslayer, *s.* mpamono olona.
Mansuetude. *s.* hamorana.
Mantel, *s.* rafitra, anefenana ny fivoahantsetroka aloha ny fatana ny vazaha.
Mantle, *s.* anarana akanjo fohy.
Mantle, v, *a.* manarona.
Mantle, v, *n.* miely, mamorivory.
Mantuamaker, *s.* mpanao akanjombehivavy.
Manual, *a.* atao amy ny tanana.
Manual, *s.* taratasy kely entina antanana.
Manuduction, *s.* fitarihan-tanana.
Manufactory, *s.* trano fanavan-javatra.
Manufacture, *s.* zavatra natao.
Manufacture, v, *a.* manao.
Manufacturer, *s.* mpanao zavatra.
Manumission, *s.* fandefasandevo, fahafahana, fitsofandrano.
Manumit, *v, a.* mandef'andevo, mamotsotra, mitsodrano.
Manure, *v, a.* miasa, manisy zezíkia.
Manure, *s.* zezikia, roka.
Manurement. *s.* fiasan-tany.
Manuscript. *s.* sora-tanana.
Many, *a.* maro, be, betsaka, sesehena, disovala. [ratra.
Manycoloured, *a.* maro volo, be so-
Manycornered, *a.* maro zoro.
Manyheaded, *a.* maro loha.
Manylanguaged, *a.* maro fiteny.
Manypeople, *a.* be olona.
Manytimes, *ad.* matetikia, mandrakariva, mazana.
Map, *s.* mapy, sarin-tany.
Mar, *v, a.* manimba.
Maranatha, *s.* fanozonany ny Jiosy.
Marasmus, *s.* anaran'aretina.
Marauder, *s.* miaramila miriorio, jiolahy. [lv.
Marble, *s.* aranambato soa, maribo-
Marble, *a.* atao amy ny marble; mara.
Marble, *v, a.* manisy soratra tahaky ny marble.
March, *s.* volana fahatelo amy ny taona; Alahasaty.
March, v. *n.* manao matso, mamindra, mandeha miadana.
March, v, *a.* mampamindra, mampandeha.
March, *s.* famindrana matso.
Marchioness, *s.* vady ny ny Marquis.
Mare, *s.* soavaly vavy.
Mareschal, *s.* ambony indrindra, mpifehy amy ny miaramila.
Margent. margin, s. ny sisiny.
Marginal, *a.* soratana amy ny sisiny taratasy.
Marine, *a,* ranomasina.
Marine, *s,* raharaha amy ny ranomasina; miaramila antsambo.
Mariner, *s.* matilo, mpiasa sambo.
Maritimal, Maritime, *a,* ranomasina, momba ny rano masina, morondrano masina.
Mark, s. marika, famantarana, ahafantarana.

Digitized by Google

Mark, v. *a.* manamarikia, manisy, famantarana, mitandrina.
Mark, v, *n.* mitandrina.
Market, *s.* tsena.
Market, v, *n.* mividy na mivarojavatra any antsena.
Marketbell, *s.* lakilosy ntsena.
Marketday, *s.* andro misy tsena, tsena ny andro.
Marketfolks, marketman, *s.* mpiantsena.
Marketplace, *s.* tsena.
Marketprice, marketrate, *s.* fandriandriany, fividy.
Markettown, *a.* tanana misy tsena.
Marketable, *a.* fivarotra.
Marksman, *s.* ny mahay mitifitra.
Marl, *s.* tany misy tanimanga.
Marl, v, *a.* manisy tany marl.
Marlpit, s. lavaka fangala-marl.
Marly, *a.* be marl.
Marquis, s, anaramboninahitra manaraky ny Duke.
Marquisate, s. fiamboniany ny Marquis.
Marriage, s. fanambadiana, fampapakarambady.
Marriageable, *a.* zatovo, antonony ho entina ho vadina, fanambady.
Married, *a.* manambady.
Marrow, s. tsoka,
Marrowbone, s. taolana misy tsoka.
Marrowfat, s. anarantsaramaso.
Marrowless, s. tsy misy tsoka.
Marry, v, *a.* mampanambady.
Marry, v, *n.* mampivady.
Marsh, s. tany mando, hona, henihenv.
Marshmallow, s. fiandrilaverona.
Marshal, s. anaramboninahitra, mpifehy ambony indrindra amy ny miaramila.
Marshal, v, *a.* mandahatra.
Marshaller, s. mpandahatra.
Marshalship, s. fihamboiany ny sy fanao ny marshal.
Marshy, s. be honahona.
Mart, s. tsena.
Mart, v, *a.* mividy sy mivarotra, manao jirikia.
Martial, *a.* miady.
Martingal, s. sakantratrany.
Martyr, s. ny maty amy ny rariny, vavolombelona, maty milaza ny marina.
Martyr, v, *a.* mamono no ho ny fonoa'ny.
Martyrdom, *s.* fahafatesany ny martyr.
Martyrology, s. taratasy filazana ny fahafatesany ny martyr.
Martyrologist, s. mpanao ny tantara ny ny martyr.
Marvel, s. fahagagana.
Marvel, v, *n.* gaga, talanjona.
Marvellous, *a.* —ly, *ad.* mahagaga.
Marvellousness, *s.* fahatalanjonana.
Masculine, *a.* —ly, *ad.* lahy, mahery, toa lehilahy.
Masculineness, s. fanao toy ny lehilahy.
Mash, s. zavatra mihiaroharo.
Mash, v, *a.* mampiharo, manorotoro.
Mask, s. biby olona, fialana.
Mask, v. *a.* manarona, manisy biby olona.
Mason, s. tambato, mpanao vato.
Masonry, s. rafibato, taovato.
Masquerade, s. filalaovana ny manao biby olona.
Masquerade, v, *n.* mandeha manao biby olona.
Mass, s. vongany, ambangony; fivoriana, ambaingiavaingiany.
Massacre, s. vonon'olona.
Massacre, v, *a.* mamono olona.
Massiness, Massiveness, s. ny havesa-javatra.
Massive, Massy, *a.* mavesatra.
Mast, s. salazan-tsambo, andrin' tsambo.
Masted, *a.* misy andrin-tsambo.
Master, s. lohany, tompo ny, ambony, tompo laby, mahay.
Master, v, *a.* mandresy, mahazaka, mahay, mahaleo, mahalasana.
Masterdom, s. fanapahana.
Masterstroke, masterpiece, s. ny zavatra atao lavorary indrindra.

Digitized by Google

Masterless, *a.* tsy manantompo, tsy zaka, tsy resy.
Masterly, *a.* *ad.* mahay, tanteraka, tsara, toy ny tompo, toy ny atao ny ny mahay zavatra, lavorary.
Mastership, mastery, s. fanapahana, fandresena, fahaizana.
Mastication, s. tsako.
Mastiff, s. amboavaventy.
Mat, s. tsihy.
Mat, v, *a.* manarona amy ny tsihy, manolana, mitambatra, mandrary.
Match, s. hazo madinikia mora arehitra, ady, namana, fanambadiana, mitovy.
Match, v. *a*, mampitovy, manohitra, mifamaly, mampivady.
Match, v. *n*, mitovy, manambady.
Matchable, *a.* antonina, mifamaly, sahazany.
Matchless, *a.* —ly, *ad*, tsy mana'namana, tsy hitavanavanana, tapitr' ohatra.
Matchlessness, s. hatsarana, ny tsy ahazoany ampitovina.
Matchmaker, s. mpampivady, mpampikambana.
Mate, s. namana.
Mate, v. *a*, mampivady.
Material, *a.* zavatra misy tena, fa tsy misy fanahy; lehibe, tsy azo lavina.
Materialist, s. ny manao tsy misy fanahy.
Materiality, s. tena fa tsy fanahy hianv.
Materialize, v. *a*, manao ny zavatra ho tena hiany, fa tsy fanahy.
Materials, *s.* tenan-javatra, atao zavatra, anavana.
Materially, *ad.* toy ny tenan-javatra, manaraky ny tena be, mankamy ny indrindra.
Maternal, *a.* reny, toy ny reny.
Maternity, *s.* ny mahareny.
Mathematical, mathematick, *a.* sy, *ad.* manaraky ny mathematicks.
Mathematician, s. mahay mathematicks.
Mathematicks, s. ny fianarany ny amy ny zavatra rehetra azo isaina sy oharina.
Matrice, matrix, s. fitoeran-jaza, fandrendehan-javatra.
Matricide, s. mpamono reny.
Matriculate, v, *a.* mampilatsaka hampianatra ao amy ny University any England.
Matriculate, s. tafa latsaka ho mpianatra.
Matriculation, s. fandatsana ho mpianatra.
Matrimonial, *a.* —ly, *ad.* fanambadiana.
Matrimony, s. fanambadiana.
Matron, s. vehivavy lehibe, reny.
Matronal, matronly, *a.* manana ny fomba ny antitra, rataloha, vavy antitra, rafotsibe, toy ny reny.
Matter, s. tena zavatra, vatana, ny izy, raharaha, nana.
Matter, v, *n.* maninona.
Mattock, s. fangady, fihiadiantany.
Mattress, s. kidoro, lafikia.
Maturate, v, *a.* mahafaingiana, mahamasaka.
Mature, *a.* masaka.
Mature, v, *a.* mahamasaka, mahantitra.
Maturely, *ad.* masaka, tanteraka, vita.
Maturity, s. fahamasahana, fahatanterahana.
Maugre, *ad.* kandrefa, andeha.
Maul, v, *a.* mamely, mandratra.
Maul, *a.* fampohaza.
Maund, s. harona.
Mausoleum, s. fasana malaza, tranomasina.
Maw, s. takorobabony.
Mawkish, *a.* mahatola.
Mawkishness, s. ny mahatola.
Maxillar, Maxillary, *a.* amy ny valanorano.
Maxim, s. teny tsy azo lavina.
May, *verb.* mety, mahazo.
Maybe, *ad*, angaha, angamba, angenja.
May, s. volana fahadimy amy ny taona, Alahasaty.
Mayor, s. anarany ny mpanapaky ny reny vohitra.

Digitized by Google

Mayoralty, s. hamboniany ny mayor.
Mayoress, s. vady ny mayor.
Maze, s. fitoerana tsy hitanoanoa, very hevitra.
Maze, v, *a.* manadala, mahavery hevitra, mahafati-arikia.
Mazy, *a.* tsy hita hevitra, very saina.
Me, *pron.* ahy.
Mead, s. zavatra fisotro atao amy ny tantely sy ny rano.
Mead, Meadow, s. saha analan'abitra atao hay.
Meager, *a.* mahia, noana, kankana.
Meagerness, s. hahiazana, hia.
Meal, s. sakafo, hanina, koba, vary, lafarina.
Mealman, s. mpandranto ny lafarina.
Mealy, *a.* misy lafarina.
Mealymouthed, *a.* malefak'ambava.
Mean, *a.* iva, ratsy, tsy malaza, mahantra, malahelo.
Mean, s. alalana, fanavana, ahatongavana, elanelana.
Mean, v, *n.* v, *a.* mikiasa, mihevitra.
Meander, s. lalana miolikiolikia.
Meander, v, *n.* miolikiolikia.
Meaning, s. hevitry ny teny.
Meanly, *ad.* iva, ratsy, tsy manaja.
Meanness, s. hihitra, halelovana, tsy hatsarana.
Measles, s. kitrotro.
Measled, *a.* marary ny kitrotro.
Measly, *a.* takopery ny kitrotro.
Measurable, *a.* azo oharina.
Measurableness, s. ny ahazoa'ny oharina.
Measurably, *ad.* antonina.
Measure, s. ohatra, fanoharana, fetra, famaranjavatra, faritra.
Measureless, *a.* tsy hita ohatra, lehibe.
Measurement, s. fanoharana.
Measurer, s. mpanohatra.
Meat, s. hanina, tena.
Mechanical, mechanick, *a.* manompo, manaraky ny mechanicks.
Mechanick, s. mpiasa zavatra.
Mechanicks, s. fahaizana ny fanavan-javatra.
Mechanically, *ad.* manaraky ny fombany ny fanavan-javatra.
Mechanicalness, s. fanarahany fomba ny mechanism.
Mechanician, s. mpisaina, sy mpanao ny fanavanjavatra.
Mechanism, s. fandrafetany ny fanavan-javatra.
Medal, s. zavatra fahatsiarovana ny natao: vola ny ntaolo.
Medallick, *a.* amy ny medal.
Medallion, s. medal ny ntaolo.
Medallist, s. olona mahay medal, mpamory ny medal ny ntaolo,
Meddle, v, *n.* miraharaha, mahasosotra, mirebikia antsan'olona.
Meddler, s. mpitandrina ny an'olona, mpirebikia antsan'olona.
Meddlesome, *a.* mitandrina ny an' olona, tehoderaina, mirebikia antsan'olona.
Mediate, v, *n.* mifona, manao alalana, manelanelana.
Mediate, *a.* —ly, *ad.* anelanelany.
Mediation, s. alalana.
Mediator, s. mpanalalana.
Mediatorial, Mediatory, *a.* alalana, elanelana.
Mediatorship, s. ny fanaony ny mpanalalana.
Mediatrix, s. vehivavy mpanalalana.
Medical, *a.* —ly, *ad.* Medicamental, *a.* —ly, *ad.* fanafody, mahasitrana.
Medicament, s. ody, fahasitranana.
Medicate, v. *a.* manao fanafody, mahatonga zavatra ho fanafody.
Medication, s. fanavana fanafody.
Medicinable, *a.* misy ny fombany ny fanafody.
Medicinal, *a.* —ly, *ad.* fanafody.
Medicine, s. ody, fanafody.
Mediocrity, s. ny antonina.
Meditate, v, *a.* & v, *n.* mihevitra, misaintsaina, mieritreritra.
Meditation, s. fiheverana, eritreritra.
Meditative, *a,* misaintsaina.
Mediterranean, Mediterraneous, *a.* ranomasina hodidininy ny tany.
Medium, s. elanelana, ny ahatongavana ny antoniny.

Digitized by Google

Medley, s. fihiaroharoana, kesonkesona.
Medullar, Medullary, *a.* tsoka.
Meed, s. fitia, valy, valimpitia.
Meek, *a.* —ly, *ad.* malemy fanahy, mora, maotona.
Meeken, v, *a.* mahamora. [na.
Meekness, s. lemimpanahy, hamora-
Meet, *a.* —ly, *ad.* miendrika, tokony.
Meet, v, *a.* manatrikia, miady, mihaona, mitsena, manohitra.
Meet, v, *n.* miatrikia, miady, mivory, mihaona, mahita, miray, mandroso.
Meeting, s. fihaonana, fitsenana.
Meetinghouse, s. trano fiangonana, trano fivavahana.
Meetness, s. fahametezana, antoniny.
Megrin, s. marary andoha, aretinandoha.
Melancholy, s. alahelo. [atra.
Meliorate, v, *a.* manatsara, mambo-
Melioration, s. fanatsarana, fanamboarana.
Melliferous, *a.* miteraka tantely.
Mellification, s. fanavan-tantely.
Mellifluence, s. mandeha toy ny tantely.
Mellifluent, Mellifluous, *a.* be tantely, mizotra, mamy.
Mellow, *a* masaka, malemy.
Mellow, v, *a.* mahamasaka, mampahalemy.
Mellow, v, *n.* mihiamasaka.
Mellowness, s. fahamasahana.
Melodious, *a.* —ly, *ad.* mifanaraka, (feo.)
Melodiousness, Melody, s. fifanarahampeo, miosikia.
Melon, s. voantango.
Melt, v, *a.* mandevona, manempo, mandrendrikia, manidina.
Melt, v, *n.* mihialevona, levona, rendrikia, miempo.
Melter, s. mpandrendrikia, mpanao anidina.
Meltingly, *ad.* toy ny mihialevona.
Member, s. rantsany, sampany, sasany, isany, ny momba ny tena toy ny sandry, ny tongotra, &c; namana.
Membrane, s. hoditra manify mifaniditriditra toy ny tranonkala.
Membranaceous, membraneous, Membranous, *a.* misy membrane.
Memento, s. fahatsiarovana. [na.
Memoir, s. fitadidiana, fahatsiarova-
Memorable, *a.* —bly, *ad.* tokony ho tsarovana.
Memorandum, *s.* taratasy kely fitadidiana.
Memorial, *s,* soratra hahatsiarovana ny atao.
Memorialist, *s.* mpanoratra ny fahatsiarovana ny atao.
Memorialize, *v, a.* manoratra zavatra ho sainina sy tsarovana.
Memory, *s.* fahatsiarovana, fitadidiana.
Menace, *v, a.* mampitahotra, mampitaitra, mandrahona.
Menace, s. teny mampitahotra.
Menacer, *s.* mpampitahotra.
Menagerie, *s.* fivoriana ny biby samy hafa rehetra.
Mend, *v, a.* mamboatra, manatsara.
Mend, *v. n.* mihiatsara.
Mendable, *a.* azo amboarina.
Mendacity, *s.* laingia.
Mendicancy, *s.* hata-bola. [ra.
Mender, *s,* mpamboatra, mpanatsa-
Mendicant, *a.* mpangataka.
Mendicity, *s.* toetry ny mpangataka.
Menial, *a.* manompo.
Menstrual, *a.* isambolana.
Menstruum, *s.* rano fandevonan-javatra.
Mensurability, *s.* ny ahazoa'ny hoharina.
Mensurable, *a.* azo oharina.
Mensurate, *v. a.* manohatra.
Mensuration, *s.* fanoharana.
Mental, *a.* saina, fanahy, hevitra.
Mentally, *ad.* amy ny saina.
Mention, *s, a* manambara, milaza, mitory.
Mercantile, *a.* mivaro-javatra.

Digitized by Google

Mercenariness, *s.* fitiavan-tamby,
Mercenary, *a.* tia vola, azo alaina amimbola, azo kolikolena.
Mercenary, *s.* tambazana.
Mercer, *s.* mpivarotra amparasily.
Mercer, *s.* fandrantaoana amparasily.
Merchandise, *s.* varotra, jirikia.
Merchandise, *v, n.* mandranto, mivanga, mivarotra, manao jirikia.
Merchant, *s.* mpandranto, mpivarotra, mpivanga.
Merchantly, Merchantlike, *a.* toy ny mpandranto.
Merchantman, *s.* sambo ny mpandranto.
Merchantable, *a.* fivarotra, varotra.
Merciful, *a.* —ly, *ad.* mamindra fo, miantra, antr'olona.
Mercifulness, *s.* indrafo, fiantrana.
Merciless, *a.* —ly, *ad.* tsy mamindra fo, tsy miantra, loza be, tsy azo ivalozana.
Mercilessness, *s.* halozana, tsy fiantrana.
Mercurial, *a.* atao amy ny quicksilver.
Mercury, *s.* vola velona, anarankintana.
Mercy, *s.* indrafo, fiantrana.
Mercy seat, *s.* sarona ny vata misy ny lalana nome'ny Mosesy tamy ny Jiosy.
Mere, *a.* —ly, *ad.* hiany, fotsiny.
Mere, *s,* farihy, kamory.
Meretricious, *a.* —ly, *ad.* mijejojejo, mihaingiohaingio foana.
Meretriciousness, *s.* haingiohaingio ny ny mijejojejo.
Meridian, *s.* antoandro ny ambony indrindra ny tsipikia izao tontolo izao, fisasahana ny avaratra, sy atsimo.
Meridian, *a.* raha antoandro, mitataovovonana.
Meridional, *a.* —ly, *ad.* Meridionality, *s.* atsimo, mianatsimo.
Merit, *s.* hatsarany, hametezany, fitia, soa, rariny, ny tokony omena, ny omena araky ny soa atao.
Merit, *v, a.* miendrikia, tokony.
Meritorious, *a.* —ly, *ad.* tokony hahazo.
Meritoriousness, *s.* ny ahazoa'ny, ny soa natao.
Merrily, *ad.* falifaly, ravoravo, miramirana, zinjina.
Merriment, Merriness, *s.* hafaliana.
Merry, *a.* ravo, faly, zina, miramirana.
Merry andrew, *s.* olona anganongano, olona satriatria.
Merrythought, *s.* taolantratra ny vorona.
Mesentery, *s.* ny hodidininy ny tsinay.
Mesh, *s. v, a.* Meshy, *a.* harato.
Mesh, *v, a.* mamandrikia.
Mess, *s.* ny indray hanina ambony ny latabatra, mpiaramihinana.
Mess, *v, n.* miaraka homana.
Message, *s.* teny ampitondraina, hafatra.
Messenger, *s.* iraka.
Messiah, *s.* ny osoranan, Kraisty.
Messieurs, *s,* sirs, roandriana.
Messmate, *s.* mpiaramihinana.
Messuage, *s.* trano fitoerana.
Metal, *s.* metaly, volafotsy, volamena, vy, &c.
Metallical, Metallick, Metalline, *a.* metal, misy metal, atao amy ny metal.
Metalliferous, *a.* misy metal, angalana metal.
Metallist, Metallurgist, *s.* mpiasa ny metal, olona mahay metal.
Metallography, *s.* filazana ny fomba ny ny metal.
Metamorphose, *v, a.* manova ny tarehy njavatra.
Metamorphosis, *s.* fanovan'endrikia.
Metaphor, *s.* ohatra.
Metaphorical, Metaphorick, *a.* ohatra, manao fanoharana.
Metaphrase, *s.* mifamaly isan-teny.
Metaphrast, *s.* mpamindra teny bifamaly isanteny.
Metaphysical, Metaphysick, *a.* Metaphysicks, *s.* ny amy ny saina sy

Digitized by Google

ny fanahy.
Mete, *v*, *a*. manohatra.
Metempsychosis, *s*. findra ny avelo.
Meteor, *s*. zavatra mazava miseho ao amy ny lanitra, fatsy maharitra.
Meteorological, *a*. milaza ny meteor.
Meteorologist, *s*. mahay meteor.
Meteorology, *s*. filazana ny meteor.
Meteoroscope, *s*. fizahana ny meteor.
Meteorous, *a*. misy ny fombany ny meteor.
Meter, *s*. mpanohatra.
Methinks, *v*, *imp*. ataoko, raha tahak'ahy.
Method, *s*. lahatra, fanao.
Methodical, *a*. —ly, *ad*. marina. milahatra, mizotra.
Methodise, *v*, *a*. mandahatra.
Methodist, *s*. mpivavaka antoko iray.
Metonymy, *s*. ohatra.
Metre, *s*. filaharana ny hira. [na.
Metrical, *s*, milahatra toy ny fihira-
Metropolis, *s*. reny vohitra. [tra.
Metropolitan, *a*. amy ny reny vohi-
Mettle, *s*. aina, fanahy, toky.
Mettled, *a*. mettlesome, —ly, *ad*. be aina, matoky, mahery fo.
Mew, *s*. tranom-borona, fieferana, feontsaka.
Mewl, *v*, *n*. mitomany.
Miasm, *s*. zavatra madinikia mankarary olona avy amy ny lo.
Mice, *s*. totozy.
Michaelmas, *s*. 29. September.
Micrography, *s*. filazana ny zavatra madinikia.
Microscope, *s*. fizahana ny zavamadinikia ka mahalehibe azy.
Micrometer, *s*. fizahana ny tsipi-madinikia hahamora ny anisana azy.
Microscopical, Microscopick, *a*. atao amy ny microscope, tahaky ny microscope.
Mid, Middle, *a*. Midst, *s*. afovoany, tenatena ny, elanelana.
Midcourse, *s*. sasadalana, elanelana.
Middaw, *s*. mitataovovonana.
Middleaged, *a*. tovobe. [na.
Middlemost, *a*. afovoany anelanela-
Middling, *a*. salasala, tsy soa tsy ratsy.
Midland, *a*. afovoantany.
Midheaven, *s*. afovoandanitra.
Midnight, *s*. mamatonalina, misasakalina.
Midriff, *s*, diaphragm.
Midshipman, *s*. manamboninahitra any antsambo manaraky ny lieutenant.
Midsummer, *s*. aty fahavaratra.
Midway, *s*. sasadalana.
Midway, *a*. *ad*. 'mby amy ny antsasadalana. [sina.
Midwife, *s*. mpampivelona, mpima-
Midwifery, *s*. fampivelomana.
Midwinter, *s*. aty ririnina.
Mien, *s*. tarehy.
Might, *s*. hery, tanjaka, ny hay ny.
Mightily, *ad*. mahery, fatratra.
Mightiness, *s*. hery, fahatanjahana, halebiazana.
Mighty, *a*. *ad*. mahery, matanjaka, mahay, mahazaka.
Migration, *s*. famindrantany, fifindramponenana. [nono.
Milch, *a*. manana ronono, miteradro-
Mild, *a*. —ly, *ad*. malemy, mora, miadana, maotona, bonaikia.
Mildew, *s*. zavatra mahafaty, ny ravinjavatra toy ny fanala manidina.
Mildew, *v*, *a*. mahamisy mildew.
Mildness, *s*. hamorana.
Mile, *s*. maily, 880 refy.
Milestone, *s*. tsangambato isany mile.
Militant, *a*. miady. [la.
Military, *a*. miady amy ny miarami-
Militia, *s*. miaramila.
Milk, *s*. ronono.
Milk, *v*, *a*. minono, mitery.
Milker, *s*. mpitery. [no.
Milkiness, *s*. halemena toy ny rono-
Milkivered, *a*. osa. [by.
Milkmaid, *s*. vehivavy mpitery om-
Milkman, *s*. lehilahy mpivarodronono.
Milkpail, *s*. fiterena.
Milkpan, *s*. bokoly fitoerandronono.
Milkpottage, *s*. koba handroina

Digitized by Google

amy ny ronono.
Milkscore, *s.* zavatra fibeverana ny vidy ndro nono.
Milksop, *s.* saikitra, mikovavy, osa, tsy sahy.
Milktooth, *s.* nify ntsoavaly ley misoho raha vao teraka tokony ho 3 volana.
Milkwhite, *a.* fotsy toy ny ronono.
Milkwoman, *s.* mpivaro-dronono.
Milky, *a.* ronono, tahaky ny ronono, miteraka ronono, mora, malemy, osaosa.
Milky way, *s.* vahindanitra.
Mill, *s.* mily, fitotoan-javatra.
Mill, v, *a.* mitoto, manorotoro.
Millcog, s. nify ny ny mill.
Milldam, s. fiaimandrano amy ny mill. [mill.
Millhorse, *s.* soavaly manodina ny
Millteeth, ombalahy nify. [um.
Millenarian, s. miandry ny milleni-
Millenary, *a.* misy arivo.
Millennium, s. arivo taona, ny arivo taona, mahafinaritra, lazainy amy ny resitamenta.
Millennial, s. amy ny millenium.
Miller, s. mpanao koba.
Millet, s. ampempa.
Milliner, s. mpanao akanjo hitafiany ny vehivavy.
Million, s. tapitrisa, tsy hita isa.
Millionth, *a.* fahatapitrisa.
Millstone, s. vato fitotoambary.
Milt, s. atody nkazandrano.
Milter, s. hazandrano lahy. [sany.
Mimical, *a.* mianatra ny atao ny sa-
Mimick, s. olo-mianatra.
Mimick, *a.* mianatra.
Mimick, v, *a.* mianatra ny atao ny ny sasany hihiomehy azy.
Mimickry, s. fianarana ny atao ny sasany ho fihomehezana.
Minacious, Minatory, *a.* mandrahona, mampitahotra.
Mince, v, *a.* manetitetikia.
Mince, v, *n.* mitetitetikia, manalatsiny, mitsaitsaikia, miteny malemilemy.
Mincingly *ad.* madinidinikia.
Mind, s. saina, hevitra, fanahy.
Mind, v, *a.* mitandrina, mampahatsiaro.
Minded, *a.* tia, mila.
Mindful, *a.* —ly, *ad.* mitandrina.
Mindfulness, *s.* fitandremana.
Mindless, *a.* tsy mitandrina, tsy manampanahy.
Mine, *pron.* ahy.
Mine, *s.* lavatany misy metal.
Mine, *v. n,* mihady mine.
Mine, *v. a,* manimba miadana.
Miner, *s.* mpihady mine.
Mineral, *s.* zavatra, hadina avy amy ny tany.
Mineral, *a.* hadina avy amy ny tany.
Mineralist, *s.* mpiasa ny mineral.
Mineralogist, *s.* mahay ny mineral.
Mineralogy, *s.* fianarana ny mineral.
Mingle, *v, a.* mangaro, mampiray.
Mingle, *v, n.* miaro.
Mingler, s. mpangaro.
Miniature, s. sary njavatra kely no ho ny tena ny zavatra.
Minikin, *a.* kely, madinikia.
Minion, s. sombiny aina, mpiankina.
Minister, s. iraka, solo mpitondra raharaha, mpitory teny, mpifehy ambony indrindra, mpanolotra saina ny andriana.
Minister, v, *a.* & v, *n.* manome, manompo, manisy, mitandrina.
Ministerial, *a.* irahina, manompo, amy ny mpitory teny.
Ministery, s. raharaha, fanompoana.
Ministry, s. raharaha, fanompoana, iraka, mpifehy, mpanolotra saina ny andriana. [komena.
Minium, s. anaranjavatra fanavando-
Minor, *a.* kely kely kokoa.
Minor, s. zatovo.
Minority, s. fahazatovony.
Minster, s. trano fivavahana.
Minstrel, *s.* mpitendry valiha.
Minstrelsey, *s.* mosikia, mpanao mosikia iray dia.
Mint, *s.* trano fanontambola.
Mint, *v, a.* manonta vola.

Digitized by Google

Mintage, *s.* anjabola, hetra amy ny fanontambola. [vola.
Minter, *s.* mpanefy vola, mpanonta
Mintman, *s.* mahay manonta vola.
Mintmaster, *s.* mpifehy ny mpanao vola.
Minute, *s.* fahenimpolo ny hour.
Minute, *a.* madinikia, kely.
Minute, *v, a.* manoratra.
Minutebook, *s.* taratasy fitadidiana-jivatra.
Minuteglass, *s.* gilasy misy fasikia fanoharana ny iray minute.
Minutely, *ad.* madinikia, marina.
Minuteness, *s.* fahakelezana.
Minutewatch, *s.* famantaran'andro isany ny minute.
Minutiae, *s.* plural, madinidinikia.
Miracle, *s.* fahagagana, zavatra atao mahagaga tsy hay ny olona.
Miraculous, *a.* mahagaga, mahatalanjona, ka tsy hay ny olona.
Miraculousness, *s.* ny manoatra ny hay ny ny olona.
Mire, *s.* fotaka.
Mire, *v, a.* manosopotaka.
Miriness, *s.* be fotaka. [na.
Mirror, *s.* fitaratra, fizahana, fitarafa-
Mirth, *s.* hafaliana, haravoana.
Mirthful, *a.* faly, ravo, tretrikia, zinjina, miramirana.
Mirthless, *s.* tsy mifaly, malahelo.
Miry, *a.* be fotaka, misy fotaka.
Mis, *particle.* manova ny hevitry ny teny ampia'ny.
Misacceptation, *s.* diso fandray, tsy mahazo.
Misadventure, *s.* fahadisoana, loza.
Misadventured, *a.* ratsy vintana, tsy ambininy.
Misadvised, *a.* ratsy anatra.
Misaimed, *a.* diso fikendry, tsy mahavoa mikendry.
Misanthrope, *s.* tsy tia olona.
Misanthropy, *s.* lolompo, ny tsy fitiavana olona.
Misapplication, *s.* diso. antony.
Misapply, *v, a.* tsy mankamy ny izay
Misapprehend, *v, a.* tsy mahazo teny, mitainoilany, mitondra rahalahinteny. [sana.
Misapprehension, *s.* tailanandrene-
Misascribe, Misassign, *v, a.* milaza izay tsy isehoany.
Misbecome, *v, a.* tsy mahamendrikia.
Misbehave, *v, n.* tsy mahay mitondra tena tsara.
Misbehaviour, *s.* ratsy fitondra tena.
Misbelief, *s.* diso finoana. [na.
Misbeliever, *s.* mino izay tsy mari-
Miscalculate, *v, a.* tsy manisa marina.
Miscal, v, *a.* mandiso fiantsona anarana.
Miscarriage, *s.* diso fitondrana, vakimanta, afajaza.
Miscarry, v, *n.* mahafajaza.
Miscellaneous, *a.* miharoharo, milaza ny zavatra samy hafa.
Miscellaneousness, *s.* fiharoharoana.
Miscellany, *s.* fiharoharoana.
Miscast, *v, a.* diso isa.
Mischance, *s.* vintandratsy, anjady.
Mischief, *s.* loza, ratsy.
Mischief, *v, a.* mandratra, mampididoza, mamohehatra.
Mischiefmaker, *s,* mpampidoza.
Mischievous, *a,* —ly, *ad.* mampididoza, sompatra, manimba.
Mischievousness, *s.* ny ahazoandoza.
Miscible, *a.* azo haroharoina.
Miscite, *v, a.* diso filaza ny hevitry ny sasany voasoratra.
Misclaim, *s.* maka izay tsy azy.
Misconceit, Misconception, *s.* diso hevitra.
Misconduct, *s.* ratsy fitondratena.
Misconduct, *v, a* diso fitondra raharaha.
Misconstruction, *s.* fanovana, diso famindran-teny.
Misconstrue, *v, a.* tsy mamindra teny marina.
Miscreant, *s.* ratsy fanahy.
Misdeed, *s.* fanao ratsy, hadisoana.
Misdemean, v. *a,* tsy mahay mitondra tena tsara. [na.
Misdemeanour, *s.* ratsy fitondra te-
Misemploy, v, *a.* Misemployment,

Digitized by Google

s. misasafoana, manary dia, 'mampandiso, diso firaharahana.
Miser, *s.* olo-malahibitra. [tra.
Miserable, *a.* —bly, *ad.* ory, mahan-
Miserableness, *s.* fahalelovana.
Misery, *s.* fahalelovana, fahoriana.
Misfashion, v, *a.* tsy manendrikia-manovasambo.
Misfortune, *s.* loza, vintandratsy.
Misgive, v, *a.* miahanahana.
Misgovernment, *s.* diso fitondrampanjakana, diso fifehezana.
Misguidance, *s* diso fitaridalana.
Misguide, *v*, *a.* tsy mitarikia marina, diso fitarikia, mampivily.
Mishap, *s.* loza, vintana.
Misinform, *v*, *a.* mamitaka.
Misinformation, *s.* filazana tsy marina. [ny.
Misinterpret, *v*, *a.* diso famindra te-
Misjudge, *v*, *a.* diso hevitra.
Mislay, *v*, *a.* mandiso toerana, diso famela.
Mislead, *v*, *a.* tsy mitarikia marina, mampivily.
Mismanage, *v*, *a.* ratsy fitondra, tsy mitondra raharaha tsara.
Mismanagement, *s.* ratsy fitondrana.
Mismatch, *v*, *a.* tsy mivady tsara.
Misname, *v*, *a.* manova anarana, diso fiantso anarana. [izy.
Misnomer, *s.* diso anarana, teny tsy
Misobserve, *v*, *a.* tsy mitandrina tsara.
Mispend, v, *a.* mandany foana.
Misplace, v, *a.* diso famela, mandiso fitoerany. [mikiomy.
Misprision, *s.* ny manafin-keloka,
Mispronounce, v, *a.* diso fanonona.
Misproportion, v, *a.* tsy mampitovy.
Misquote, v, *a.* manova ny teny antsoiny voasoratra. [rina.
Misrecite, v, *a.* tsy manambara ma-
Misreckon, v, *a.* diso isa.
Misrelate, v, *a.* diso fitory.
Misrelation, *s.* filazana tsy izy.
Misreport, v, *a.* milaza ny tsy izy.
Misreport, *s.* filazandaingia.
Misrepresent, v, *a.* tsy milaza marina. [marina.
Misrepresentation, *s.* tsy filazana
Misrule, *s.* fihorakorahana.
Miss, *s.* vehivavy tsy 'mbola manambaby. [mila.
Miss, v, *a.* v, *n.* mandiso. tsy mahazo,
Misshape, v, *a.* ratsy fanendrikia, manimba tarehy.
Missile, *a.* zavatra atsipy, zavatra atoraka, zavamanitra.
Mission, *s.* fanirahana, iraka.
Missionary, *s.* ny irahina hampianatra ny teny n'Andriamanitra.
Missive, *a.* azo irahina, tokony hirahina.
Missive, *s.* taratasy aterina. [filaza.
Misstate, v, *a.* diso fanambara, diso
Mist, *s.* zavona.
Mist, v, *a.* manjavona.
Mistake, v. *a.* mandiso, diso.
Mistake, v, *n.* diso hevitra.
Mistaken, v, *n*, mistake, *s.* mistakingly, *ad.* diso. [rina.
Misteach, v, *a.* tsy mampianatra ma-
Misterm, v, *a.* diso fiantso anarana.
Misthink, v, *n.* diso hevitra.
Mistiness, *s.* zavona.
Mistress, *s.* tompo vavy, vehivavy mahay zavatra, tiana, vazo. [ana.
Mistrust, *s.* fahiahiana, tsy fahatoki-
Mistrust, *v*, *a.* tsy matoky, miahiahy.
Mistrustful, *a.* —ly, *ad.* tsy matoky, miahiahy.
Mistrustfulness, *s.* tsy fahatokiana.
Mistrustless, *a.* matoky.
Misty, *a.* manjavonjavona.
Misunderstand, *a.* tsy mahazo teny.
Misunderstanding, *s.* tailana andranesana.
Misusage, Misuse, s. fanimbana.
Misuse, *v*, *n.* manimba, diso fanao.
Mite, *s.* biby kely, olitra, vola kely.
Mitigate, v, *a.* mahaleny, mampionina, mampangatsiaka. [nana.
Mitigation, *s.* fanakelezana, fione-
Mitre, *s.* satroboninahitra.
Mitered, *a.* misatro satroboninahitra.
Mittens, *s*, ga tsy misy fonon-drantsantanana.

Digitized by Google

Mittimus, *s.* teny hamatorana ny meloka.
Mix, v, *a.* mangaro, mampiharo.
Mixtion, *s.* zavatra voaharo.
Mixtly, *ad.* miharoharo. [ana.
Mixture, *s.* zavatra voaharo, fihiaro-
Mizmaze, *s.* tsy hita laniny, fivilivi-liana. [ny.
Mizzen, *s.* andry ntsambo ambody
Mnemonicks, *s.* fampahatsiarovan-javatra.
Moan, v, *a.* v, *n.* misaona, midradradradra, mikionanaikia, mitoloko, minananana.
Moan, *s.* alahelo, fisaonana. [no.
Moat, *s.* hadivory, hadivory misy ra.
Moat, v, *a.* manao hady manodidina, misy rano ho fiarovambohitra.
Mob, *s.* olona maro mihorakoraka.
Sulphur, *s.* solifara.
Sulphureous, Sulphurous, *a.* misy solifara, atao amy ny solifara.
Sulphureousness, *s.* ny mahasolifara azy.
Sulphury, *a.* misy solifara.
Sultan, *s.* ny andriamanjaka, any Turkey
Sultriness, *s.* hafanana.
Sultry, *a.* mananintanina, manao tanikorana, midanidany.
Sum, *s.* dahaoly, izy rehetra, isany, antony, farany.
Sum, *v. a.* manisa, mamory, kapobe
Sumless, *a.* tsy hit'isa.
Summarily, Summary, *ad. a.* fohifohy.
Summary, *s*, teny fohifohy.
Summer, *s.* fahavaratra.
Summerhouse, *s.* trano madinikia itoerana raha mafana ny andro.
Summit, *s.* tampo ny.
Summon, *v, a.* miantso, mamoha, mamporisikia.
Summoner, *s.* mpiantso.
Summons, *s.* fiantsoana.
Sumptuary, *a.* milaza ny vola mety ho lany.
Sumptuosity, *s.* fahasarotana, vola lany.
Sumptuous, *a.* sarotra, mandanibe.
Sumptuousness, *s.* hasarotry.
Sun, *s.* masoandro.
Sunbeam, *s.* tana-masoandro.
Sunbright, *a.* mamirapiratra toy ny masoandro.
Sunburning, *s.* hain'andro.
Sunburnt, *a.* azonkainandro.
Sunday, *s.* alahady, sabata.
Sunder, *v. a.* mizara, mampisaraka.
Sundial, *s.* famantaranaudro ny ny masoandro.
Sundry, *a.* maro.
Sunless, *a.* tsy misy masoandro, tsy azonkainandro.
Sunlike, *a.* tahaky ny masoandro.
Sunny, *a.* mamirapiratra.
Sunrise, Sunrising, *s.* maraina.
Sunset, *s.* maty masoandro.
Sunshine, *s.* hainandro.
Sunshiny, *a.* mamirapiratra.
Sup, *v. a.* misotro kely.
Sup, *v. a.* misakafo hariva.
Sup, *s.* zavatra kely sotroina.
Superable, *a.* azo resena.
Superableness, *s.* ny ahazoa'ny ho resena.
Superabound, *v. n.* man'amby, manana betsaka, manantombo.
Superabundance, s. habetsahany.
Superabundant, *a.* —ly, *ad.* betsaka, disoala.
Superadd, v, *a.* manampy.
Superaddition, s. fanampy ny.
Superannuate, v, *a.* Superannuation, v, *a.* s, tsy mampahay no ho ny fahanterany, mampiverin-tsaina.
Superannuated, part. miverintsaina, afu-draharaha no ho ny fahantera' ny, menavazana.
Superb, *a.* tsara, avo, soa, miendrik'andriana.
Supercargo, s. antony ny entana any antsambo.
Supercelestial, *a.* avo no ho ny lanitra.
Supercilious, *a.* —ly, *ad.* mianjonanjona.
Superciliousness, *s.* fianjonanjona.
Supereminence, Supereminency, s. hahavony.
Supereminent, *a.* avo dia avo.
Supererogate. Supererogation, Supererogatory. v, *n.* s. *a.* manao mihoetra no ho ny andidiany.
Superexcellent, *a.* tsara indrindra.
Superficial, —ly, *ad.* ambony, ivelany, marivo.
Superficiality, Superficialness, s. *ad.* s. ny fisiany ao ambony hiany.
Superficies, s. ny ivelany, ny ambony,

Digitized by Google

Superfine, *a.* tsara, tsara indrindra.
Superfluitant, *a.* mitsinkiafona.
Superfluity, s. be no hony ilaina, disofampana, ny mihoatra no ho ny izy.
Superfluous, *a.* mihoatra.
Superfluousness, *s.* fihoarana.
Superincumbent, s. mandry ambony.
Superinduce, v, *a.* mahatonga.
Superinduction, s. fahatongavana.
Superintend, v, *a.* mifehy, mitandrina, mizaha.
Superintendence, Superintendency, *s.* fifehezana, fitandremana, fizahana.
Superintendent, s. mpifehy, mpitandrina, antony. na.
Superiority, s. fiamboniana, fizokia-
Superior, *a.* ambony, lehibe, tsara no ho.
Superior, s. ny ambony, ny be ny.
Superlative, *a.* —ly, *ad.* ambony indrindra, farany, indrindra.
Superlativeness, s. hatsarany, ny maha- indrindra azy.
Supernatant, *a.* milomano ambony, mitsinkiafona.
Supernatation, s. filomanosana ambony, fitsinkiafonana.
Supernatural, *a.* —ly, *ad.* tsy hay n'olona.
Supernumerarily, *ad.* mihoatra no ho ny isa. [ny.
Superscribe, v, *n.* manoratra ambo-
Superscription, *s.* soratra ambony.
Supersede, v, *a.* manatsoaka, mahatsizy intsony.
Superstition, *s.* fivavahana tsizy, diso loatra.
Superstitious, *a.* —ly, *ad.* sarotabotra amy ny fanao madinidinikia, momba ny fivavahana, diso loatra.
Superstruction, s. Superstructure s. ny aoriana ambony ny zavatra.
Supervene, v, *n.* manampy.
Supervenient, *a.* anampy.
Supervise, a, *a.* mizaha.
Supervisor, s. mpizaha.
Supervive. v, *n.* tratra velona no ho ny anankiray.
Supine, *a.* —ly, *ad.* mitsilany, tsy mitandrina.
Supineness, *s.* fitsilanesana, tsy fitandremana.
Supper, s. sakafo hariva.
Supperless, *a.* tsy misakafo hariva, mandr-fe-hariva.
Supplant, v, *a.* maningiana, mandavo, mahazo toeran'olon-kafa amimpitaka, mandroaka, mampiala.
Supplanter, s. mpaningiana, mpandavo, mpampiala.
Supple, *a.* mora milefitra, malemy, mora, olombe, mibonaikia, mandrobo.
Supple, v, *a.* mahamora, mahalemy, mampaneky.
Supple, v, *n.* mihialemy.
Supplement, s. fanampy ny.
Supplemental, Supplementary, *a.* manampy. [ny.
Suppleness, s. fahalemy ny, halemy
Suppliant, *a.* mifona.
Suppliant, Supplicant, s. mpifona.
Supplicate, v, *n.* mangataka, mifona. [na.
Supplication, *s.* hataka, fifonana, fo-
Supply, v, *a.* manome, manampy, misolo, mampahazo.
Supply, s. fisiana. fisiana izay ilaina.
Support, v, *a.* manohana, mamelona, miafy.
Support, s. tohana, fanohanana; fivelomana.
Supportable, *a.* azo tohanana, azo iafiana.
Supporter, s. mpanohana, mpamelona, mpiaro.
Supposable, *a.* azo heverina.
Supposal, s. hevitrevitra.
Suppose, v, *a.* mihevitra, manao vinany, mamono volana andrano; maneky lembenana, maneky be.
Suppose, *s.* hevitra.
Supposer, s. mpihevitra.
Supposition, s. hevitra.
Suppositious, *a.* tsy izy, tsy marina.

Digitized by Google

Supposititiousness, s. ny tsy mah'izy azy.
Suppress, v, *a.* mandresy, manafina, manao ankibo.
Suppression, s. fandresena, fanafe-[nana.
Suppressor, s. mpandresy, mpanafi-[na.
Suppurate, v, *a.* & v, *n.* mamory na-
Suppuration, s. famori-nana.
Suppurative, *a.* mamory nana.
Supputation, s. fanisana. [hana.
Supremacy, s. fiamboniana, fanapa-
Supreme, *a.* —ly, *ad.* ambony, avo indrindra, lehibe.
Surcharge, *s.* be loatra.
Surcharge, v, *a.* mamesa-doatra, mampandoa be loatra.
Surcharger, s. be faka.
Surcoat, *s.* kapoty.
Surd, *a.* marenina.
Sure, *a.* & *ad.* marina, mahatoky; matoky, mafy, tsara, tsy miova.
Surely, *ad.* fantatra marimarina,
Surefooted, *a.* tsy malemy lohalikia, mahafikitra.
Sureness, *s.* hamarinana.
Suretiship, s. fiantohana.
Surety, *s.* hamarinana, hamafiana, fahato ny, fiantohana.
Surf, *s.* alon-dranomasina mipaka amy ny morony.
Surface, *s.* ny ivelany.
Surfeit, v, *a.* mahamamo.
Surfeit, v, *n.* mamo.
Surfeit, *s.* fahamamoana.
Surfeiter, *s.* mamo.
Surge, *s.* alondrano.
Surge, v, *n.* manalona.
Surgeon, *s.* mpamono fery, mpahasitram-pery, mpandidy fery.
Surgeonry, Surgery, *s.* fanasitranam-pery; raharaha ny Surgeon.
Surgy, *a.* manalona.
Surliness, *s.* fidongidongiana.
Surly, *a.* —ily, *ad.* tezitezitra, midongidongy, sorisorena.
Surmise, v, *a.* mamono volana andrano, manao hitsakampo. [ho.
Surmise, *s.* hevitra, hevi-potsy, tsa-

Surmount, v, *a.* manoatra, maharesy.
Surmountable, *a.* azo ihoarana, azo resena.
Surname, *s.* anaran-drazana; anaran'anampy.
Surname, v, *a.* manampy anarana.
Surpass, v, *a.* manoatra.
Surpassing, *part.* manoatra, tsara lavitra. [sisa.
Surplus, Surplusage, *s.* amby ny,
Surprisal, Surprise, *s.* fanampohana; tahotra tampoka.
Surprise, v, *a,* manampoka, mahagaga, mahavery hevitra. [ga.
Surprising, *part,* —ly, *ad.* mahaga-
Surrender, v, *a.* & v, *n.* maneky, manolotra, manome.
Surrender, Surrendry, *s.* fanekena, fanolorana.
Surreption, *s.* fanampohana; fidirana mangingina.
Surreptitious, *a.* —ly, *ad.* mangingina, atao mangingina.
Surrogate, v, *a.* manolo.
Surround, v, *a.* manodidina, mampanodidina.
Surtout, s. kapoty.
Survey, v, *a.* mizaha, mitsinjo.
Survey, *s.* ny tsinjovina.
Surveyor, *s.* mpanoha-tany.
Surveyorship, *s.* raharaha ny surveyor.
Survive, v, *n.* & v, *a.* tratra velona.
Surviver, *s.* ny tratra velona.
Survivorship, s. ny andro iveloma' ny ny nahavelona no ho ny anankiray.
Susceptibility, *s.* ny ahazoa'ny, ny ahatsiarova'ny.
Susceptible, *a.* mahatsiaro.
Susceptive, *s.* mahatsiaro.
Suscipiency, *s.* fahatsiarovana, fandraisana.
Suscipient, *s.* mpandray.
Suscitate, v, *n.* mamporisikia.
Suscitation, *s.* famporisihana.
Suspect, v, *a.* & v, *n.* miahiahy.
Suspend, v, *a.* manantona, mampi-

Digitized by Google

janona, misakana.
Suspense, *s.* ahiahy, fiahanahanana, fihambahambana.
Suspense, *a.* miahanahana.
Suspension, *s.* fanantonana, fiahanahanana, fijanonana.
Suspicion, *s.* ahiahy, fiahiahiana.
Suspicious, *a.* mahina, miahiahy.
Suspiciously, *ad.* miahiahy, mampiahiahy.
Suspiciousness, *s.* fiahiahiana.
Suspiration, s. sento, fisentoana.
Suspire, v, *a.* misento.
Sustain, v, *a.* manohana, miaro, mamonjy, mandefitra, miafy.
Sustainable, *a.* azo alefitra, azo iafi-[na.
Sustainer, s. mpanohana, mpiafy.
Sustenance, s. fahavelomana.
Sustentation, s. fanohanana, fahavelomana, fivelomana.
Susurration, s. bitsibitsikia.
Suture, s. fikiambanam-pery, fihiombonam-pery.
Swab, s. kifafa.
Swab, v, *a* mamafatrano.
Swaddle, v, *a.* mampiakanjo zaza.
Swaddle, Swaddlingband, Swaddlingcloth, s. akanjon-jaza.
Swag, v, *n.* miletsy.
Swagger, v, *n*, mianjonanjona, manao tsy hitovy.
Swaggerer, s. mpiajonanjona.
Swam, s. zatovo, mpiandry ondry.
Swallow, s. fitelemana.
Swallow, v, *a.* mitelina, maneky be, mandany, maka.
Swallow, s. sidintsidina.
Swamp, s. honahona.
Swampy, *a* be honahona.
Swanskin, s. anaram-bodofotsy.
Sward, s. handrin-tany.
Swarm, s. ankamaroany.
Swarm, v, *n.* mivory, mifanizina, mihiabe.
Swart, *a.* Swarth, —ly, *ad.* mainty.
Swarthiness, *s.* fahamainty ny.
Swarthy, *a.* maintimainty.
Swathe, *v. a.* mampiakanjo zaza.
Sway, *v. a.* manevingevina, mitaona, mitarikia, mitondra, manapaka-manjaka, mampiandany.
Sway, v. *n.* miraikia, miletsy, mirona, manapaka.
Sway, *s.* fanapahana, hery; ny entina, ny fehy ny, ny azo.
Swear, v. *n.* mianina, mingoso, manozona, misahato.
Swear, v. *a.* mampianiana, mampingoso.
Swearer, s. mpamompo.
Sweat, s. dinitra, semboka; asa, etona.
Sweat, v. *n.* semboka, miasa, manetona.
Sweat, v. *a.* mahasemboka.
Sweater, s. sarotin-tsemboka.
Sweaty, *a.* mivoa'dinitra.
Sweep, v. *a.* mamafa.
Sweep, v. *n.* mandalo.
Sweep, s, fafa: faritra, faleha ny.
Sweepings, *s.* fakofako.
Sweepstake, *s.* filokana, mahazo lo-[ka.
Sweet, *a.* mamy, manitra, malemy, mibonaikia, tsara.
Sweet, *s.* hamamiana.
Sweetbread, *s.* motikatina.
Sweeten, v, *a.* manamamy, mahamora, tsy maharary, mampionina, mahatsara.
Sweetheart, *s.* sakaiza, vazo.
Sweetish, *a.* somarimamy, mamimamy.
Sweetly, *ad*, mamy.
Sweetmeat, *s.* voan-kazo miharo siramamy.
Sweetness, *s.* fahamamiana.
Swell, v, *n.* mivonto, mitombo, mivohitra, mibialehibe, mibonaka, mibontsina.
Swell v, *a.* mampivonto, mampitombo, mampibonaka.
Swell, Swelling, *s.* fivontosana.
Swelter, v, *n.* maimay, mafana.
Swelter, v, *a.* mampahamaimay.
Swerve, v, *n.* mania, mivily, miova.
Swift, *a.* —ly, *ad.* faingiana, maladv, tsitoatany.
Swiftness, *s.* fahafaingianana.
Swig, v, *n.* migoka.

Digitized by Google

Swill, v, *a.* migoka.
Swiller, *s.* mpigoka.
Swim, v, *n.* & v. *a.* mitsinkiafona, milomano; fanina, mandeha, mandano. [no.
Swimmer, *s.* mpilomano, mpanda-
Swimmingly, *ad.* misononoka.
Swindle, v, *a.* manambaka, manoloky, manangoly.
Swine. *s.* kisoa.
Swineherd, *s.* mpiandry kisoa.
Swing, v, *n.* mitsingevingevina, misavilivily, mihevihevy, miraviravy.
Swing, v, *a.* manevingevina, manao antsavily, manantona.
Swing, *s.* savilivily, fihantonana, fanavan'antsavily, fahafahana.
Swinge, v, *a.* mikiapoka, manely.
Swinger, s. mpanao antsavily.
Swingingly, *ad*, lehibe, mahafinaritra, miadana.
Swinish, *a.* toy ny kisoa.
Switch, *s.* hazo kely. [mamioka.
Switch, v, *a.* mamely, mikiapoka,
Swoon, v, *n.* & *s.* torana.
Swoop, v, *a.* mipaoka.
Swoop, *s.* fipaoka.
Swop, v, *a.* miovaova.
Sword, *s.* sabatra.
Sworded, *a.* mitondra sabatra.
Swordknot, *s.* rava- tsabatra.
Sycamore, *s.* anarankazo.
Sycophant, *s.* mpandrobo, mpanavoavo. [voavo.
Sycophantick, *a.* mandrobo, mana-
Syllabical, *a.* —ly, *ad.* Syllabick, *a.* manaraky ny isambaki-teny.
Syllable, *a.* vakiteny,
Syllabus, s. loha teny.
Syllogism, s. lahateny mizara telo mifandrai-kevitra, teny amy ny Logic.
Syllogistical, *a.* —ly, *ad.* Syllogistick, *a.* —ly, *ad.* manaraky ny syllogism.
Syllogize, v, *n* mandaha- teny manaraky ny syllogism.
Sylvan *a.* an-ala.

Symbol, *s.* famantarana, aloka.
Symbolical, *a.* —ly, *ad.* mampahafantatra, milaza.
Symbolization, *s.* fanandindonana, filazana, fanehoana, fitoviana.
Symbolize, v, *n.* misamaly, mitovy.
Symbolize, v, *a.* manandindona, milaza, maneho, mampahafantatra.
Symmetrical, *a.* mifanaraka, anjaranjanana, mitovy.
Symmetrize, v, *a.* mampifanaraka.
Symmetry, s. fifanarahana.
Sympathetical, Sympathetick, *a.* —ly *ad* misampahatsiaro, misamaly, misanaraka, misandray, miaramiaritra, miarak'ory.
Sympathize, v, *a.* mahatsiaro.
Sympathy, s, fahatsiarovana.
Symphonious, *a.* miray feo.
Symphony, s. firaisam-peo.
Sympton, s. famantarana, lazo.
Symptomatic, —al, *a.* —ally, *ad.* manambara, maneho, milaza.
Synagogue, s. trano fivavavany ny Jiosy. [raka.
Synchronical, Synchronous, *a.* mia-
Synchronism, *s.* iray taona, andro misanaraka.
Syncope, *s*, torana.
Synecdoche, *s.* teny amy ny rhetoric, raha ny sasany milaza azy rehetra, toy ny hoe, isam-batana, izay, isan' olona. [mivory.
Synod, *s.* fiangonana; mpitory teny
Synodal, Synodical, —ly, *ad.* Synodick, *a*, milaza ny synod.
Synonyma, Synonyme, Synonymy, *s.* anarana mitovy hevitra.
Synonymous, *a.* mitovy hevitra, (amy ny teny.)
Synopsis, *s.* loha hevitra.
Synoptical, *a.* milaza toy ny lohahevitra.
Syntactical, *a.* misanaraka.
Syntax, Syntaxis, *s.* teny amy ny Grammar, milaza ny fifanarahanteny.
Synthesis, *s.* fandraisana.
Synthetick, *a.* mandray, manamba-

Digitized by Google

tra, manambana.
Syphon, *s.* anaran-javatra poakaty fifohan-drano.
Syringe, *s.* basy rano, fifantsitsitra.
Syringe, *v. a.* mifantsitsitra.
Syrtis, s. honahona.
System, s. hevitra mifanaraka, ny dahaolo.
Systematical, *a.*—ly. *ad.* mifanaraka.
Systematize, v. *a*, mampifanaraka.

T.

Tabby, *a.* sada.
Tabefaction, *s*, tabefy, v. *n.* mifezaka (amy n'aretina.)
Tabernacle, *s.* taberinakily; lay; trano, trano fivavahana.
Tabid, *a.* mifezaka, mahia, (amy n' aretina,)
Tabidness, *s*, fifeza'ny.
Table, *s.* latabatra; ny ambony; lohadohany.
Tablecloth, *s.* lamban-databatra.
Tabletalk, s. resaka ampihinanana.
Tablet, *s.* latabatra madinikia; fanoratana.
Tabour, tabouret, tabourine, tabret, *s.* amponga kely.
Tabular, *a.* misilatsisalaka; atao efa-joro, milaza ny lohandohany.
Tabulated, *a.* mandry tsara, lemaka, misolampy. [tra.
Tache, *s.* fihazonana, bokotra, tongo-
Tacit, *a.*—ly. *ad.* mangina, tsy tononina, fantatra fa tsy voalaza.
Taciturn, *a.* vitsy teny, tsy saresaka, mongena.
Taciturnity, s. hamongena ny.
Tack, *s. a.* mitohy, manampy; mamitravitra.
Tack, *v. n.* mivily, (sambo.)
Tack, *s.* hombo madinikia; ny mamily sambo eny andranomasina.
Tackle, tackling, s. fanavanjavatra, fiasana, kofehy ntsambo.
Tactical, tactick, *a.* ny amy ny fandaharana-miaramila ampiadiana.
Tacticks, *s.* fandahara-miaramila.

Tactile, *a.* azo tsapaina.
Tag, *s.* fitohizana.
Tag, v, *a.* mitohy.
Tail, *s.* rambo.
Tailed, *a.* manandrambo.
Tailor, *s*, mpanjaitra.
Taint, v, *a.* manova, manimba, mampody hafa, mamentimpentina, mahalo, mahamaimbo.
Taint, *s.* tsiny, maimbo.
Taintless, *a.* tsy simba.
Take, v, *a.* mandray, maka, mitana, mihazona, misambotra, mitaona, mahazo, manao, maneky, mitelina, mifidy, mitondra, manofa, manonona.
Take, v, *n.* mankany, mankasitraka, mahavoa, mahefa.
Taking, *s.* fahoriana.
Tale, *s.* tantara, angano, arira, filazana, isany.
Talebearer, *s.* mpitatibolana.
Talent, *s.* anaram-bola: fahaizana; fomba, saina.
Talisman, *s.* ody.
Talismanick, *a.* manao ody.
Talk, v, *n.* miresaka, mitaria, mitafasiry, miteny.
Talk, *s.* resaka, tafasiry, taria, tsaho, teny.
Talkative, *a.* mibedibedy.
Talkativeness, *s.* bedibedy.
Talker, *s.* saresaka, mpibedibedy.
Tall, *a.* lava, avo.
Tallow, *s.* menaka.
Tallowchandler, *s.* mpivaro-jiro.
Tally, *s.* hazo marihina, zavatra mifanaraka.
Tally, v, *a.* manao antoniny.
Tally, v, *n.* antoniny, mifamaly, mivady, mifanaraka, mitovy.
Talmud, thalmud, *s.* taratasy ny Jiosy milaza ny hevi-dalana.
Talness, *s.* habavony, halavany.
Talon, *s.* rantsam-borona.
Tamarind, tamarisk, *s.* mahadilo.
Tambarine, s. amponga kely.
Tame, *a*, —ly. *ad.* manompo, voafokala, osa.

Digitized by Google

Tame, v, *n.* mamolaka, mandresy.
Tameable, *a.* azo folahina.
Tameness, s. halemena, fahosana.
Tamer, s. mpandresy, mpamolaka.
Tamper, v, *n.* manaonao.
Tan, v, *n.* mandon-koditra.
Tang, s. fofon-javatra ambava rehefa tafatelina: feo.
Tang, v, *n.* maneno.
Tangent, s. teny amy ny Geometry.
Tangibility, s. ny ahazoany tsapaina.
Tangible, *a.* azo tsapaina.
Tangle, v, *a.* mamatopatotra, mamovoro, mamandripandrikia, manahirana.
Tangle, v, *n.* mifatopatotra.
Tangle, s. zavatra mifatopatotra.
Tank, s. fitoerana, na vata lehibe fandroana.
Tankard, s. bakoly mifandrakotra fisotroana.
Tanner, s. mpandon-koditra.
Tantalize, v, *a.* mampitamby.
Tantamount, *a.* mitovy.
Tap, v, *a.* mipaka, mandona, mipaipaikia, manalatsentsina.
Tap, *s.* dona, paka, kararana.
Tape, s. tepy, tenona kely madinikia fanao kofehy.
Taper, *s.* jiro.
Taper, *a.* manao kitsoloha.
Taper, v. *n.* mihiakely.
Tapestry, *s.* lamba misoratra.
Taproot, *s.* faka'ny.
Tapster, *s* mpivarotra beer.
Tar, *s.* ranompitch.
Tar, v. *a.* manosotra tar.
Tarantula, *s.* taratra.
Tardation, *s.* fisakanana.
Tardily, *ad.* miadana, mitaretra.
Tardiness, tardity, s. fitaredretana, fiadanana.
Tardy, *a.* miadana, mitaretra.
Tare, s. anaran-java-maniry.
Tare. s. teny amy ny lanjanjavatra, milaza ny lanja ny ny fitoerana.
Target, s. ampingia.
Tariff, s. filazana ny fadintseranana.
Tarnish, v *a* mahamatroka.
Tarnish, v, *n.* matroka.
Tarpawling, s. lamba rongona mihoso-tar.
Tarry, *a.* mihoso- tar.
Tarry, v, *n.* mitoetra, maharitra.
Tart, *a.*—ly *ad* maharikivy, masiaka, sarotra.
Tart, s. anaran-kanina.
Tartar, s. kitro, (of the teeth.)
Tartarean, *a.* amy ny hell.
Tartareous, Tartarous, *a.* misy kitro.
Tartarize, v, *a.* mahamisy kitro.
Tartness, s. faharikiviana, fahasiahana.
Task, s. asa, raharaha.
Task, v, *a.* mampiasa.
Tasker, taskmaster. s. mpampiasa.
Tassel, s. ravaka.
Tasselled, s. miravaka.
Tastable, *a.* azo andramana, matsiro.
Taste, v, *a.* manandrana.
Taste, v, *n.* misy tsiro, mahalala, mahazohazo.
Taste, s. fanandramana.
Taster, s. mpanandrana.
Tasteful, *a.* tsara, matsiro.
Tasteless, *a.* tsy matsiro, matsaboaka.
Tastelessness, s. tsy fahatsiro ny.
Tatter, v, *a.* mandriatra.
Tatter, s. voro-damba.
Tattle, v, *n.* mitatibolana.
Tattle, s. tatibolana.
Tattler, s, mpitatibolana.
Tattoo, s. ny mively amponga hampody ny miaramila.
Tavern, s. trano fivarotan- divay.
Tavernkeeper, tavernman, *s.* mpitandrina tavern.
Taunt, v. *a.* manaraby, manaratsy, maneso.
Taunt, *s.* eso, haraby, fanaratsiana.
Taunter, *s.* mpanaraby, mpaneso.
Tauntingly *ad*, maneso.
Tautological, *a*, miverimberina.
Tautologist, *s.* mpiverimberina.
Tautology, *s.* teny miverimberina.
Tautophony, *s.* mitovy feo.
Tawdriness, *s.* haingiohaingio.
Tawdry *a.* mihaingiohaingio.
Tawny, *a.* mavo, mainty.

Digitized by Google

Tax, *s.* hetra.
Tax. v. *a.* mampandoahetra, maniuy.
Taxable, *a.* azo ampndoavin ketra.
Taxation, *s.* fampandoavan ketra; faniniana,
Taxer, *s.* mpampandoa hetra.
Tea, s, dite, fisotro.
Teach, v. *a.* mampianatra, maneho, milaza, manoro.
Teachable, *a.* azo ampianarina, zaka anarina.
Teachableness, s. fahamoran-kampianarina.
Teacher, s. mpampianatra.
Team, s. andiany.
Tear, s. rano maso,
Tear, s. triatra.
Tear, v. *a.* mandriatra, mandrotidrotikia, mamaky, mitarikia, mamiravira.
Tearer, s. mpandriatra.
Tearful, *a.* be rano maso, mitomany.
Tease, v. *a.* mahasosotra, manao kivazivazy.
Teaser, s, mpanahirana.
Teat, *s.* nono.
Technical. *a.* amy ny fahaizan-javatra.
Techy, *a.* tezitezitra, sorisorena, malonilony.
Tectonick, *a,* amo ny rafitra.
Tedder, s. fifatorana.
Tedeum, s. anaram-pihirana.
Tedious, *a.* ly, *ad.* manahirana, mahasasatra.
Tediousness. s. fanahiranana, fahasasatrana.
Teem, v, *n.* miteraka.
Teemer, s. mpiteraka.
Teemful, *a.* miteraka, manahady.
Teemless, *a.* tsy miteraka, momba.
Tegument, s. hoditra, sarona.
Teint, s. volon-javatra, soratry ny penisily.
Telegraph, *s.* fanavanjavatra, filazandraharaha avy lavitra.
Telescope, s. maso lavitra.
Telescopical, *a.* amy ny maso lavitra.
Tell, v. *a.* milaza, manambara, maneho, manisa.
Tell v, *n.* milaza.
Teller, s, mpilaza, mpanisa.
Telltale, s. mpitatib lina, mantavava.
Temerarious, *a.* manao vy'very, manaboa-maty.
Temerity, .fanaovan'aina tsy ho zatra.
Temper, v. *a.* mamb atra, mangaro, mandlemy, manatsatso, manofana.
Temper. *s.* fanahy, toetra,
Temperament, *s.* toetra.
Temperance, *s.* fahalalan'ouony, fahonenampo.
Temperate, *a.* onony, mahonimpo,
Temperateness, *s.* fahonenampo, faharetana.
Temperature, *s.* toetra.
Tempest, *s.* rivotra mahery.
Tempestbeaten, Tempesttost, *a.* azondrivotra mahery.
Tempestuous, *a.* mandrivotra, loza.
Temple, *s.* trano fivavahana, tempoly, fihir'fana.
Temporal, *a*—ly, *ad.* amy ny lizao fahavelomana izao.
Temporality, Temporals. *s.* fananana.
Temporalty, *s.* ny olona maro; fananana.
Temporaneous, *a* mitoetra, tsy maharitra ela.
Temporariness, *s.* ny tsy faharetana
Temporary, *a.* misy fetr'andro, vonjivonjy, tsy maharitra.
Temporize, *v. n* mahela, manao ampitso lava, tsy mihevitra ny rariny fa maneky be fa mila sitraka.
Temporizer, *s.* ny mila sitraka, ka maneky be.
Tempt, *v. a.* maka fanahy, mampila, mampitia, mamporisikia.
Temptable, *a.* azo alaim-panahy.
Tempter, *s.* mpaka fanahy.
Temptation, s. fakam-panahy, fitaomana.
Temulent, *a.* mamo, leontoaka.
Ten, *a.* folo.
Tenable, *a.* azo azonina.
Tenacious, *a.* manekitra, madity, mifikitra.
Tenancy, *s.* ny mitana ny an'olona misy fetr'andro.
Tenant, *s.* mpitana ny an olona misy fifanekena.

Digitized by Google

Tenant, *v. a.* manofa.
Tenantable, *a.* azo ahofa.
Tenantless, *a.* tsy misy mpanofa.
Tend, *v. a.* miambana, mitandrina, mitahiry, miaraka, miandry.
Tend, *v, n.* mankamy ny, manatona, mandroso, manandrify, manampy; manompo.
Tendance, *s.* fiandrasana, fitandre- [mana.
Tendence, tendency, *s.* ny ahazoana, ny ihiaviana, ny mankamy ny, mahatonga, manampy.
Tender, *a,* ly, *ad.* malemy, mora, malemv paikia, morabe, miantra, tia, tanora.
Tender, *v. a.* manome, manolotra.
Tender, s, fanolorana.
Tenderhearted, *a.* antr'olona, mian- [tra.
Tenderness, s. halemena, fiantrana, indrafo, fitandremana, hatsarana.
Tendinous, *a.* ozatina.
Tendon, *s.* ozatra.
Tendrill, *s.* laingiolaingion-javatra.
Tenebricose, tenebrious, *a.* maizina.
Tenebrosity, *s.* hamaizinana.
Tenement, *s.* trano, fonenana.
Tenesmus, *s,* (aretina)mitohana.
Tenet, s. hevitra, fiheverana.
Tenour, *s.* toetra, hevitra, antony; anaram-peo amy ny mozikia.
Tense, *a,* mihinjitra, henjana.
Tense, s, teny amy ny Grammar, milaza na ny lasa, na izao, na ny ho avy.
Tenseness, *s.* fihinjitra, fahenjanana.
Tensible, tensile, *a.* azo ahinjitra, miroritra.
Tension, tensure, *s.* fanenjanana, fihenjanana.
Tensive, *a.* manenjana.
Tent, *s.* lay, toby, lasy.
Tent, v, *n.* milasy, mitoby.
Tentation, *s.* fizahan-toetra.
Tentative, *a.* manandrana.
Tenter, *s.* faraingio.
Tenter, v, *a.* manenjana amy ny faraingio.
Tenth, *a.* —ly, *ad.* fahafolony.
Tenth, *s.* fahafolo ny, ampahafolo ny.
Tenuity, s. hanify ny.
Tenuous, *a.* manify.
Tenure, *s.* ny anofana, fanofana.
Tepefaction, *s.* famanana.
Tepid, *a.* matimaty, mahalala tondro, afapanala.
Tepidity, tepor, *s.* hamatimaty ny.
Terebrate, v, *a.* mandoaka.
Tergiversation, *s.* fialana, fiovana.
Term, *s.* fetra, teny.
Term, v, *a.* manao anarana.
Termagancy, *s.* halozana.
Termagant, *a.* lozabe, foizina, mil'adv.
Termagant, *s.* lozabe.
Terminable, *a.* tsy hita fara.
Terminate, v, *a.* mametra, mampitsahatra.
Terminate, v, *n.* mifetra, mitsahatra, miianona.
Termination, *s.* famerana; fetra, farany, fangitra.
Termless, *a.* tsy misy fetra.
Ternary, ternion, *s.* telo.
Terrace, *s.* fitsangantsanganana, fitoerana, fandehandehanana.
Terraqueous, *a.* misy tany sy rano.
Terrene, terreous, Terrestrial, *a.* tany, amy ny tany.
Terrible, *a.* —bly, Terrifick, *ad.* mahatahotra, mahatsiravina, loza.
Terribleness, *s.* fahatahorana, fampitahorana.
Terrier, *s.* anaram-amboa.
Terrify, v, *a.* mampitahotra, mahatsiravina.
Territory, *s.* tany, fanjakana.
Terror, *s.* tahotra.
Terse, *a.* madio.
Tertian, *s.* tazo manao fanaviana, mampoelan'andro.
Tesselated, *a.* miefa-joro.
Test, s. fizahana, fanandramana, andrana.
Testaceous, *a.* misy akarany.
Testament, *s.* hafatra, tesitamenta.
Testamentary, *a.* hafarana, hafatra.
Testate, *a.* manafatra.
Testator, *s.* mpanafatra.

Digitized by Google

Testatrix, *s.* velivaby manafatra.
Tested, *a.* andramana.
Tester, s. tatarom-parafara.
Testicle, s. tabory, voritra.
Testification, s. fanavam-bavolombelona, filazana.
Testificator, Testifier, s. vav'olombelona.
Testify, v, *n.* &, v, *a.* manao vavolombelona, milaza.
Testimonial, *s.* vavolombelona, taratasy, filazana ny izy.
Testimony, s. vav'olombelona, filazana.
Testiness, s. fahatezitezerana.
Testy, Tetchy *a*—ly, *ad.* sorisorena, tezitezitra, malaky, tezitra.
Tete-a-tete, *ad.* mangingina.
Tether, s. fatoran-omby tsy haniavany.
Tetragonal, *a.* efajiro.
Tetrarch, s. mpanapaka, anaram-pifehy amy ny Romana, mifehy ny ampahefatry ny tany.
Tetrarchate, tetrarchy, s. ny fehy ny Tetrarch.
Tetter, s. tsindohaina.
Text, s teny lazain-kevitra.
Textile, *a.* azo tenomina.
Textuary, *a.* ao amy ny text: mahatapaka.
Texture. s. toetry ny zavatra voa tenona.
Than, *ad.* no ho.
Thank, v, *a.* mankasitraka, misaotra.
Thanks, s. saotra.
Thankful, *a.* misaotra, mankasitraka.
Thankless, *a.* tsy mankasitraka, tsy misaotra, manitraka.
Thanklessness, s. tsy fisaorana.
Thankoffering, s. fisaorana, zavatr'omena atao fisaorana.
Thanksgiving, s. fisaorana, fiderana.
Thanksworthy, *a.* tokony isaorana.
That, pron. iry, iny, iroana.
That, pron. izay, ley.
That *conj.* fa.
Thatch, s. milolo (atao tafontrano.)
Thatch, v, *a.* manafo mololo.
Thatcher, s. mpanafo mololo.
Thaw, *v*, *n.* levona, miempo,
Thaw, *v*, *a.* mandevona, manempo.
Thaw, s. fiempo ny.
The, *art.* ny, ley.
Theatral, *a.* amy ny filalaovana.
Theatre, s, filalaovana.
Theatrick, Theatrical, *a.* —ly, *ad.* toy ny amy ny filalaovana.
Thee, pron. anao
Theft, s. halatra.
Their, *a.* azy, ny.
Theist, *s.* mino an'Andriamanitra.
Theism, *s.* finoana an'Andriamanitra
Them, s. azy.
Theme, s. hevitra, lohahevitra.
Then, *ad.* androtriny, fahiny, amy ny izay.
Thence, *ad.* thenceforth, thenceforward. *ad.* hatr'iny.
Theocracy, s. fanapahan'Andriamanitra.
Theocratical, *a.* ny amy ny fanjakana nentin'Andriamanitra.
Theologian, theologist, theologue, s. mahay ny teny n'Andriamanitra.
Theological, *a.* —ly, *ad.* ny amy ny teny n'Andriamanitra.
Theology, s. fahalalana ny teny n'Andriamanitra.
Theorem, s. teny marina, teny amy ny Geometry.
Theorematical, theorematick, theoremick, *a.* misy Theorem.
Theoretical, *a.* theoretic, *a.* theorical, —ly theorick, *a.* —ly, *ad.* ankevitra.
Theorist, *s.* ny mahay mihevi-javatra
Theory, *s.* hevitra fa tsy ny atao.
Therapeutick, *a.* mahasitrana,
There, *ad.* ao, eo, any, ery.
Thereabout, thereabouts, *ad.* aohoao
Thereafter. *ad.* koa dia.
Thereat, *ad.* amy ny.
Thereby, *ad.* izany.
Therefore. *ad.* koa, dia.
Thereform. *ad.* ary amy ny izany.
Therein, *ad* thereinto, *ad.* ao amy ny
Thereof, *ad.* amy ny sasany.
Thereon, *ad* ambony ny, manaraka izany.

Digitized by Google

Thereout, *ad.* avy amy ny izany.
Thereto, Thereunto, *ad.* hatr'izany.
Thereupon, *ad.* ary dia.
Therewith, *ad.* miaraka amy ny izay
Therewithal, *ad.* ary koa. [nana.
Thermometer, *s.* famintaran-kafa-
Thermometrical, *a.* manaraky ny famintaran-kafanana.
These, *pron.* ireto, ireo.
Thesis, *s.* fiheverana.
They, *s.* izy.
Thick, *a.* matevina, be faika ny, lehibe, marihitra, matetikia, mifangizina, milobolobo.
Thick, *s.* hatevina.
Thick, *ad.* matetikia.
Thicken, v. *a.* manatevina; mampitombo, manpifangizina.
Thicken, v, *n.* mihiatevina,
Thicket, *s.* hazo matevina, hazo mifangizina. [betsaka.
Thickly, *ad.* matevina, matetikia,
Thickness, *s.* hatevina.
Thickset, *a.* matetikia.
Thief, s. mpangalatra.
Thiefcatcher, Thieftaker, *s.* mpahazo mpangalatra.
Thieve, v. *n.* mangalatra.
Thievery, *s.* halatra, ny mangalatra.
Thievish, *a.* fangalarina, mangingina
Thievishly, *ad.* tahaky ny mpangalatra.
Thievishness, *s.* fanahy ny mpangalatra, fangalarina.
Thigh, *s.* fe.
Thimble, *s.* fanosehana.
Thin, *a*—ly, *ad.* manify, mahalana, kely, mahia, mifezaka.
Thin, *v*, *a.* mampahanify.
Thing, s, zavatra.
Think, *v*, *n.* &, *v*, *a.* mihevitra, misaina, manao.
Thinker, s. mpihievitra.
Thinking, s. mihievitra.
Thinness, *s.* hanify ny.
Third, *a*—ly, *ad*, fahatelo ny.
Third, *s.* ampatelo ny.
Thirst, s. hetaheta.
Thirst, v, *n.* mangetaheta.
Thirstiness, *s.* hetaheta.
Thirsty, *a.* mangetaheta.
Thirteen, *a.* telo amby ny folo.
Thirteenth, *a.* fahatelo amby ny folo.
Thirtieth, *a.* fahatelo polo ny.
Thirty, *a.* telo polo.
This, *pron.* ity.
Thither, *ad.* any.
Thitherward, *ad.* mankany.
Tho, conj. though.
Thong, s. hoditra lavalava kely.
Thoracick, *a.* an-tratra.
Thorn, *s.* tsilo.
Thorny, *a.* betsilo, manilo. [raka.
Thorough, *prep.* *a.* —ly, *ad.* tante-
Thoroughfare, *s.* lalana.
Thoroughpaced, *a.* tanteraka, vita.
Thou, *s.* hianao.
Though, *conj.* nefa, anefa, fanefa, kanefa, kandrefa, na dia.
Thought, *s.* hevitra, fihieverana, fitandremana, saina.
Thoughtful, *a.* mihievitra, misaina, mitandrina, manahiahy.
Thoughtfulness, *s.* behevitra, fisainana, fitandremana, ahiahy.
Thoughtless, *a.* tsy mihevitra, manao mosalahy, adala, maty arikia.
Thoughtlessness, *s.* tsy fisainana, tsy fitandremana, hadalana.
Thousand, *a.* arivo.
Thousandth, *a.* fah'arivo ny.
Thrall, Thraldom, *s.* fahandevozana.
Thrash, *v*, *a.* mively, mamely, mikiapoka.
Thrasher, *s.* mpively.
Thrashing floor, s. famoloana.
Thread, s. kofehy, taretra.
Thread, v, *a.* mampiditra.
Threadbare, *a.* rovitra.
Threat, s. teny mandrara.
Threat, Threaten, v, *a.* mandrara, mampitahotra, mandrahona.
Threatener, s. mpandrara, mampitahotra.
Threatening, —ly, *ad.* Threatful, *a.* mampitahotra, mandrahona.
Three, *a.* telo.
Threefold, *a*, intelo.
Thresher, s. thrasher.

Digitized by Google

Threshold, s. tokonana.
Thrice, ad. intelo.
Thrift, s. tombony, fitsitsiana.
Thriftily, *ad.* thrifty, *a.* mitandrina, mahatam-pananana.
Thriftiness, s. fahatanam-pananana.
Thriftless, *a.* mandany, tsy mahatam-pananana, homana.
Thrill, v, *a.* mandoaka, maniindrona, mampandretsidretsikia.
Thrill, v, *n.* mahatsindrona, mandretsidretsikia, mangintsingintsina.
Thrive, v, *n.* maroroka, ambini'ny, miadana, mandroso.
Thriver, *a*, ny ambini'ny.
Thrivingly, *ad.* miadana, maroroka.
Throat, s. tenda. [mpona.
Throb, v, *n.* mitepotepo, mempone-
Throb, s. tepotepo.
Throe, s. fahoriana, fahararіana, (toy ny vehivavy ho velona.)
Throne, s, lapa. [lapa.
Throne, v, *a.* mampipetraka amy ny
Throng, s. olona, olona maro, olona mifangizina.
Throng, v, *n.* mifanety, mifanizina, mifangizina, mandriaka.
Throng, v, *a.* manety.
Throttle, s. treotreoka.
Throttle, v, *a.* manenda. [maky.
Through, *prep.* & *ad.* tanteraka, ma-
Throughly, *ad.* tanteraka.
Throughout, throughout, *prep*, & *ad.* avokoa, na aiza na aiza, erana.
Throw, v, *a.* manipy, manary, manakoa, manely, mandrodana, manoraka.
Throw, s. fanipazana.
Thrower, s. mpanipy. [na.
Thrum, s. vovodamba amy ny teno-
Thrum, v, *a.* mivelively foana, (mozikia.)
Thrush, s. anaran- aretina.
Thrust, v, *a.* manizina, manosikia, mamporisikia, manohina, mamantatra.
Thrust, v, *n.* misesikia, manizina.
Thrust, s. adv.
Thumb, s. ankibe.

Thumb, v, *a.* midrahodraho fandray.
Thumbstall, *s.* fanosehana.
Thump, *s.* donina, havokavoka.
Thump, v, *a.* mamely, mandona, manavokavoka, mamely totohondry.
Thump, v. *n.* mamely, mandona.
Thumper, *s.* mpively, mpandona.
Thunder, *s.* kotroka.
Thunder, v, *a.* mampikotroka, mandrahona, mampitahotra.
Thunder, v, *n.* mikotroka.
Thunderbolt, *s.* varatra.
Thunderclap, *s.* kotroka.
Thunderer, *s.* mpampikotroka.
Thunderous, *a.* manisy kotroka.
Thundershower, *s.* ranonorana misy kotroka, ranonorambaratra.
Thunderstone, *s.* varatra.
Thursday, *s.* Alakamisy.
Thus, *ad.* to'izao.
Thwack, v. *n.* mamely, mikapoka.
Thwack, *s.* kapoka.
Thwart, *a*, mitsivalana.
Thwart, v. *a.* misakana, manakana.
Thwart, v. *n.* manandrify.
Thwartingly, *ad.* misakana.
Thy, *pron*, nao.
Thyself. *pron*, tena, hianao hiany.
Tiar, Tiara. *s.* fehindohatsara.
Tick, *s.* kongona.
Tick, v. *n.* mipipikia.
Ticket, *s.* taratasy ahazoana miditra.
Tickle, v. *n.* manitikitikia, manibokibo.
Tickle, v, *n.* kitikitihana, kibokiboina.
Ticklish, *a.* saro-kitikitikia; miovaova sarotr'entina, [kia.
Ticklishness, s. fahasarotan-kitikiti-
Tide, s. ny mitombo sy misintona (amy ny rano masina.)
Tidegate, *s.* fiainan'drano.
Tidesman, *s.* mpiandry ladoana. (antsambo.) [(an-trano.)
Tidewaiter, *s.* mpiandry ladoana,
Tidily, *ad.* mendrikia, soa.
Tidiness, *s.* hatsarana.
Tidings. s. teny, filazana, kabary.
Tidy, *a.* mendrikia, soa.

Digitized by Google

Tie, v. *a.* manohy, mitoby, manamafy.
Tie, *s.* fanohizana.
Tier, *s.* lahatra.
Tiff, *s.* & v, *n.* sorisorena.
Tiger, *s.* anarambiby masiaka.
Tight, *a.* henjana, mafy, mikeja.
Tighten, v. *a.* manenjana, manamafy, mangeja, mangeikia.
Tightly, *ad.* mafy, geja.
Tightness, *s.* hamafiana, figejany.
Tigress, *s.* tiger vavy.
Tile, *s.* tany manga voafisaka atao tafontrano.
Tile, v, *a.* manafo tile.
Tiler, s. mpanafo tile.
Tilig, s. tafo tile.
Till, s. vata fanisiambola, vatambola.
Till, *prep.* & *conj.* mandraka, mandrapa, ambarapa.
Till, v, *a.* miasa (tany.)
Tillable, *a.* fiasa, (tany.)
Tillage, s. asa (tany.)
Tiller, s. mpiasa.
Tilt. s. rakotra.
Tilt, v, *a.* manohana.
Tilt, v, *n.* mihilana.
Timber, s. hazo.
Timbered, *a.* orenana, natao.
Timbrel, s. anara mozikia.
Time, s. andro, taona, fetra, fotoana.
Time, v, *a.* manao zavatra amy ny izay fotoana.
Timeful, *a.* amy ny fotoana, tsy disofotoana.
Timeless, *a.* diso fotoana.
Timely, *a.* amy ny fotoana, mamonjy andro, tsy ampy toinona.
Timeserver, s. mpeneky be.
Timeserving, *a.* maneky be.
Timid, *a.* osa, matahotra.
Timidity, s. fahosana, tahotra.
Timorous, *a.* —ly, *ad.* osa, matahotra, sarotahotra.
Timorousness, s. tahotra.
Tin, s. vy fotsy.
Tin, v, *a.* manao ankoso-by fotsy.
Tinct, v, *a.* manisy volo, toy ny manato &c.
Tinct, s. volonjavatra, sorajavatra.
Tincture. s. volonjavatra manampy.
Tincture, v, *a.* manisy volo.
Tinder, s. hoto.
Tinge, v, *a.* manisy volo.
Tingent, *a.* mampisy volo.
Tingle, v, *n.* mangintsingintsina.
Tinker, s. mpamboajava-barahina.
Tinkle, v, *n.* mikitrankitrana.
Tinman, s. mpanefy vy fotsy.
Tinsel. s. haingio, marevaka fa ratsiratsy hiany.
Tinsel, v, *a.* manisy haingio, mamirapitatra foana.
Tint, s. volo ny, soratra.
Tiny, *a.* kely, madinikia, kitikia.
Tip, s. tendrony.
Tip, v, *a.* manisy tendrony, mipaikia.
Tippet, s. akanjo atao ambozona.
Tipple, v, *a.* manamamo tena.
Tippler, s. leon-toaka.
Tipstaff, s. tsy tia laingia, (vadinta-ny.
Tipsy, *a.* leony.
Tiptoe, *s.* mandringa, miketrefa.
Tire, *s.* fehindoha.
Tire, *v*, *a.* mahasasataa.
Tire, *v*, *n.* reraka.
Tiredness, *s.* fahasasarana.
Tiresome, *a.* mahasasatra.
Tiresomeness, *s.* fahasasarana.
Tissue, *s.* lamba voatenona mifalambola mena sy volafotsy.
Titbit, *s.* sombinkanina.
Titheable, *a.* mandoa tithe.
Tithe, *s.* fahafolon-karena.
Tithe, *v*, *a.* mampandoa ny fahafolo-ny.
Tithe, *v*, *n.* mandoa ny fahafolony.
Tither, s. mpauery ny fahafolony.
Tithing, *s.* isam-polo (amy ny vahoaka.)
Tithingman, *s.* mpifehy ny isampolo.
Titilate, titillation, *s*, & *v*, *a.* manitikitikia.
Title, *s.* anarana, voninahitra.
Title, v. *a.* manao anarana, manaja.
Titleless, *a.* tsy manao anarana.
Titlepage, *s.* takela-taratasy milaza ny anara'ny.
Titter, v. *n.* mihimokimoka, mikiki-

Digitized by Google

kiky.
Titter, *s.* himokimoka, kikikiky.
Tittle, *s.* tendry kely toy ny ambony ny i.
Tittletattle, *s.* bedibedy,
Titubation, *s.* tafintohina.
Titular, Titulary, *a.* misy anarana, manan'anarana..
To, *ad.* fanampy ny teny toy ny manao hoe, to go, mandeha, to beg, mangataka.
To, *prep.* hankany.
To & fro, *ad.* mivoivoy, mivezivezy.
Toad, s. saobakaka.
Toadstool, *s.* holatra tsy fihinana.
Toast, *v, a.* mitono.
Toast *s.* mofo atono.
Tobacco, *s.* paraky.
Tobacconist, *s.* mpivaro-paraky.
Toe, s. rantsantongotra.
Together, *ad.* miaraka, mikambana, together with, amana.
Toil, *v, a.* &, *v, n.* miasa, miasa fatratra.
Toil, *s.* asa, taozavatra, fandrika.
Toilet, *s.* fiakanjoana
Toilsome, *a.* mahasasatra.
Toilsomeness, *s.* fahasasarana.
Token, s. famantarana, marikia, fahatsiarovana.
Tole, v. *a.* mitarikia.
Tolerable, *a*—bly. *ad.* azo aretina; tsaratsara hiany, salasala; mety hiany.
Tolerableness, s. ny ahazoany aretina; ny hasalasala ny.
Tolerance, s. faharetana.
Tolerate, v, *a.* mamela, tsy mandrara.
Toleration, s. famelana, tsy fandrarana.
Toll, *s.* hetra, sara.
Toll, v. *n.* mandoa hetra, mandoa sara.
Toll, v. *a.* mampaneno lakilosy.
Tollbooth, *s.* trano maizina.
Tollgatherer, *s.* mpamory toll.
Tomb, *s.* fasana; tranomasina; tranomanara.
Tomb, *v. a.* mandevina.
Tombless, *a.* tsy milevina, miely faty, mihiahy taolana.
Tomboy, *s.* olom-balavala.
Tome, *s.* taratasy.
Ton, *s.* anaran-danjana.
Tone, *s.* feo.
Tong, *s.* fitanan'akanjo, ley maranitra kely, eo ampovoany ny fampoehana.
Tongs, *s.* tandra.
Tongue, *s.* lela; fiteny; firenena.
Tongue, *v. a.* mandrahona.
Tongued, *a.* manandela.
Tongueless, *a.* tsy manandela.
Tonguetied, *a.* reki-dela.
Tonick, tonical, *a.* manenjana, manatanjaka.
Tonnage, *s.* hetra aloa isan-ton.
Tonsil, *s.* ley zavatra roa boribory kely ambany ny lela.
Tonsure, *s.* manety volo.
Too, *ad.* loatra.
Tool, *s.* fiasana, fanavan-javatra.
Tooth, *s.* nify.
Tooth, *v. a.* manisy nify.
Toothache, *s.* marary nolitra, manehi-nify.
Toothdrawer, *s.* mpanala-nify.
Toothed, *a.* misy nify.
Toothless, *a.* banga, rampa.
Toothpick, Toothpicker, *s.* fangalan-kaka.
Toothsome, *a.* matsiro.
Toothsomeness, s. hatsiro ny.
Top, *s.* tampony, loha ny: tandrimo, sangodina.
Top, v, *n.* misandratra, miakatra.
Top, v, *a.* mandrakotra, mihoatra, mahaleo.
Topaz, *s.* anaram-bato soa tomamo-[tamo.
Topful, *a.* feno, safononoka, diboka.
Topgallant, s. lay ntsambo ambony indrindra.
Topheavy, *a.* mavesa-doha.
Topman, *s.* mpanefa hazo ka ny am-[bony.
Topmost, *a.* ambony indrindra.
Topsail, s. lay ntsambo ambony indrindra.
Tope, v, *n.* misotro (toaka) be [tra.
Toper, *s.* leon-toaka.
Tophet, s. hell.

Digitized by Google

Topical, *a.* —ly, *ad.* amy ny itoerany, amy ny izy.
Topick, *s.* loha hevitra, ny fotony.
Topless, *a.* tsy misy loha, tsy misy tampony.
Topographer, *s.* mpilaza ny isam-pitoerana.
Topple, v, *n.* mianjera, miankohoka.
Topsyturvy, *ad.* mifotitra, mivadika.
Torch, s. fanilo.
Torchbearer, s. mpitondra fanilo.
Torchlight, *s.* hazavany ny fanilo.
Torment, *v, a.* mampijaly, mampahory, manahirana.
Torment, *s.* ny maharary, fijaliana, fahoriana.
Tormentor, *s.* mpampijaly.
Tornado, s. tafiodrivotra, tadio.
Torpedo, *s.* anaran-kazandrano mahavoly.
Torpid, *a.* ngoly.
Torpidness, Torpitude, Torpor, *s.* fahangoly ny.
Torrefaction, *s.* ny mananina amy ny afo, fananinana. [nina.
Torrefy, v, *a.* mahamaimay, mana-
Torrent, *s.* riaka.
Torrent, *a.* tondraka.
Torrid, *a.* mafana, mahamay.
Tortive, *a.* miolana; miolikiolikia.
Tortoise, *s.* rere; hodi-tsokatra.
Tortuosity, s. fiolikiolehana.
Tortuous, *a.* miolikiolikia.
Torture, *s.* fijaliana, jaly, fahoriana.
Torture, v, *a.* mampijaly.
Torturer, *s.* mpampijaly.
Torvity, *s.* tarehy n'olon-doza.
Torvous, *a,* mitarehy n'olon-doza.
Tory, *s.* teny amy ny politics any England.
Toss, v, *a.* & *v, n.* manipitsipy, manoraka, manao savoamboana; miantoka.
Toss, *s.* tsipy.
Total, *a.* feno, dahaolo, isany, kapobeny, tontolo.
Totality, *s.* izy rehetra.
Totally, *ad.* avokoa.
Totter, v, *n.* mihilangilana.

Touch, v, *a* mitsapa, mipikia, mihatra, manendry, mampiferinaina.
Touch, v, *n.* mihatra.
Touch, *s.* fiharana, fipahana, fizahana, fanandramana, fitendrena.
Touchable, *a.* azo tsapaina.
Touchhole, *s.* tadinim-basy.
Touchiness, *s.* halozana.
Touching, *prep.* ny amy ny.
Touching, *a.* —ly, *ad.* mampiferinaina, mahalahelo.
Touchstone, *s.* vato fizaham-bola; famantarana.
Touchwood, *s.* hazo boboka.
Touchy, *a.* sorisorena, tsy tendrena.
Tough, *a.* maozatra, mafy; madity.
Toughen, v, *n.* mihiamafy, mihiamaozatra. [tana.
Toughness, *s.* hamafy ny, hamaoza-
Tour, *s.* ny mandehandeha.
Tournament, Tourney, *s.* mody miady, (laolao.)
Tourniquet, *s.* famehezana (amy ny Surgery.)
Touse, v, *a.* mitarikia. [to.
Tow, *s.* rongony torotoro toy ny ho-
Tow, v, *a.* mitarikia (amy ny rano.)
Toward, Towards, *prep.* mankamy ny, manandrify, tamy.
Toward, —ly, *a.* mora, zaka anarina.
Towardness, s. halemem-panahy.
Towel, s. famaohan-tanana, sariveta.
Tower, s. manda, bako, batery.
Tower, v, *n.* misandratra.
Towered, towery, *a.* mimanda.
Town, *s.* tanana.
Townclerk, s. mpifehy ny tanana.
Townhouse, s. trano firaharahana ao an tanana. [na.
Township, *s.* loholona isany ny tana-
Townsman, s. mponina an-tanana, mpiray monina.
Towntalk, s. resaka miely erany ny tanana.
Toy, s. laolao; zavatra tsy misy vidy ny.
Toy, v, *n.* milaolao, misangisangy.
Toyish, *a.* misangisangy.
Toyishness, *s.* filalaovana.

Digitized by Google

Toyshop, *s.* fivarotan-daolao.
Trace, s. dia ny, marikia.
Trace, *v, a.* mamanta-dia; manaraka; manamarikia, mitsongo dia.
Tracer, *s.* mpamanta-dia, mpanao marikia.
Track, *s,* dia.
Track, v, *a.* mamanta-dia, mizaha [dia.
Trackless, *a.* tsy hita dia.
Tract, *s.* tany, taratasy kely.
Tractable, *a.* mora, zak' anarina, malemy paikia.
Tractableness, *s.* hamorana.
Trade, *s.* varotra, vanga, jirikia.
Trade, *v. n.* mivarotra, manao jirikia.
Tradewind, *s.* anaran-drivotra.
Trader, Tradesfolk, Tradesman, *s.* mpivarotra.
Tradeful, *a.* be varotra.
Tradition, *s.* filazana, fanaondrazana, teny avy amy ny razana tsy voasoratra.
Traditional, *a.*—ly, *ad.* Traditionary, *a.* lazaina fa tsy voasoratra, avy amy ny ntaolo.
Traduce, *v. a.* manendrikendrikia, mamingivingy, manaratsy.
Traducement, *s.* tsiny, faniniana.
Traducer, *s.* mpaniny, mpanaratsy.
Traducible, *a.* azo alaina.
Traduction, *s.* fanalana, fitondrana.
Traffick, *s.* varotra.
Traffick, *v. n.* mivarotra.
Trafficker, *s.* mpivarotra.
Tragedian, *s.* mpanao tragedy, mpamorona tragedy.
Tragedy, *s.* filazana zavatra toa hampidi-doza, ao amy ny trano filalaovana; loza, alahelo.
Tragical, Tragick, *a.* —ly, *ad.* toy ny tragedy; mankamy ny tragedy; mampalahelo, mampahatahotra, loza, mampidi-doza,
Tragicalness, *s.* alahelo, halozana.
Tragicomedy, *s.* filazan-javatra miharo ny mahatsikeky sy ny mahalahelo.
Tragicomical, *a.* —ly, *ad,* sady mahalahelo no mahafinaritra.
Trail, v, *a.* & v, *n.* mitari-damba, mitarikia, mikiorefarefa,
Trail, s. ny tarihina.
Train, v, *a.* mitarikia, mitaona, mitaiza, mamelona, mampanaraka.
Train, s. fitaka, fitaomana; fanarahana ny miaraka.
Traipse, v, *n.* mitaritarikia.
Trait, s. tarehy.
Traitor, s. mpamadikia, mpikiomy.
Traitorly, Traitorous, *a.* —ly, *ad.* mamadikia, mikiomy.
Traitress, s. vehivavy mamadikia,
Trammel, s. fandrikia, vovo, famolahan-tsoavaly.
Trammel, v, *a.* misambotra, misakana.
Trample, v, *a.* manitsaka.
Trample, v, *n.* manitsakitsaka.
Trampler, s. mpanitsaka.
Trance, s. tsindrimandry; torana.
Tranced, *a,* mahatsiaro fanahy, tsindriana.
Tranquil, *a.* miadana, tony, maotona, mandry, mijamoka.
Tranquillity, s. fiadanana,
Transact, v, *a.* miraharaha.
Transaction, s. raharaha, atao,
Transcend, v, *a.* mihoatra.
Transcendence, Transcendency, s, hatsarany, fihoarana.
Transcendent, Transcendental, *a.* —ly, *ad.* mihoatra.
Transcolate, v, *a.* manatantavana.
Trancribe, v, *a.* mamindra soratra.
Transcriber, s. mamindra soratra.
Transcript, Transcription, s. soratra voafindra.
Transfer, v, *a.* mamindra.
Transfer, s. famindrana.
Transferable, Transferrable, *a.* azo afindra.
Transfiguration, *s.* fiovan-tarehy.
Transfigure, v, *a.* manova tarehy.
Transfix, v, *a.* mandoaka, mamboroaka.
Transform, v, *a.* manova tarehy.
Transform, v, *n.* miova tarehy.
Transformation, s. fanovantarehy, fiovan tarehy.

Digitized by Google

Transfuse, v, *a.* manaidina amy ny hafa, mamindra toerana.
Transfusion, s. fanidinana.
Transgress, v, *a.* mamadikia, manota.
Transgression, *s.* ota, fandikana, diso.
Transgressor, s. mpanota.
Transient, *a.* —ly, *ad.* mandalo, vetivety, mihelina.
Transientness, s. tsy faharetana, fa mandalo vetivety.
Transit, s. teny amy ny Astronomy.
Transition, *s.* findra toerana, fifindrana, fialana.
Transitive, s. teny amy ny Grammar, milaza ny manao.
Transitorily, *ad,* vetivety.
Transitoriness, *s.* tsy faharetana.
Transitory, *a.* mandalo, vetivety, mihelina.
Translate, v, *n.* mamindra, mibaikio.
Translation, *s.* famindrana, baikio.
Translator, *s.* mpamindra, mpibaikio
Translatory, *a.* mamindra.
Translation, s. fifamindrana.
Translucency, s. fahazavana, ahitana.
Translucent, translucid, *a* mahita, mazava, madio, manganohano.
Transmarine, *a.* andafy, ampitany, ranomasina.
Transmigrate, v. *n.* mamindra toerana.
Transmigration, s. famindran'toerana.
Transmission, *s.* fampandehanana, fampitondrana.
Transmissive, *a.* mampitondra.
Transmutable, *a*—ly, *ad.* azo ampifanovana.
Transmutation, s. fifanovana.
Transmute, v, *a.* mampifanova, manova.
Transmuter, *s.* mpanova.
Transparency, *s.* hadiovana, fahitana.
Transparent, *a.* mahita, manganohano.
Transpire, v. *a.* miaina.
Transpire, *v, n.* tonga.
Transplace, transplant, *v. a,* mamindra toerana.
Transplantation, *s.* famindrana.
Transplanter, *s.* mpamindra.
Transport, *v, a.* mamindra, mandroaka, maharavoravo,
Transport, s. famindrana, fitondrana, faharavoana.
Transportation, s. famindrana; famindran-tany.
Transporter, s. mpamindra.
Transposal, s. fifanovan-toetra, fifindra toetra.
Transpose, v, *a.* mifamindra toetra.
Transposition, s. fifamindra-toetra.
Transubstantiate, v. *a.* mahatonga zavatra hafa, mampody ho hafa.
Transude, v, *n.* manetona, semboka.
Transversal, *a.*—ly, *ad.* transverse, *a.*—ly, *ad.* mifandalo, manavokovoko, mitsivalana.
Trap, s. fandrikia, tonta, longoa-mitoto bozaka.
Trap, *v. a.* mamandrikia.
Trapdoor, *s.* varavarana.
Trappings, *s.* haingio, ravaka.
Trash, *s.* zavatra tsy misy vidy ny.
Trashy, *a.* tsy misy vidy ny.
Travail, v, *n.* miasa; velona, miteraka
Travel, v, *n,* &, v, *a.* mandeha, miasa
Travel, *s.* ny naleha; fandehanana; asa, miteraka.
Traveller, *s.* mpandehandeha amy ny tany hafa.
Traverse, *a. ad. prep.* mitsivalana.
Traverse, *s.* zavatra mitsivalana.
Traverse, v, *a.* mandeha mitsivalana, misakana, miriorio, mizaha.
Tray, *s.* fitondran-javatra.
Treacherous, *a,* —ly, *ad.* tsy mahatoky, mamadikia.
Treacherousness, treachery, *s.* tsy fahatokiana, famadihana, fitaka.
Treacle, *s.* vory ntsiramamy.
Tread, v, *n,* &, v, *a.* mandia, manitsaka.
Tread, *s.* dia.
Treader, *s.* mpandia.
Treadle, *s.* zavatra amy ny mily.
Treason, *s.* kiomy.
Treasonable, treasonous, *a.* mikomy
Treasure, *s.* harena rakitra.
Treasure, v, *a.* mihary.
Treasurehouse, *s.* firaketana.

Digitized by Google

Treasurer, *s.* mpitahiry rakitra.
Treasurership, *s.* raharaha ny treasure.
Treasury, *s.* firaketana.
Treat, v, *a*, &, v, *n.* miraharaha, miresaka, mitory, mitondra, mamboatra manasa.
Treat, s. fanasana.
Treatable, *a.* antoniny, onony.
Treatise, *s.* taratasy filazana.
Treatment, *s.* fitondrana.
Treaty, *s.* fanakena.
Treble, *a*, —ly, *ad.* intelo.
Treble, v, *a.* manao avy telo heny.
Treble, v, *n.* avy telo heny.
Treble, *s.* avo feo (amy ny mozikia.)
Tree, *s.* hazo.
Trellis, *s.* na vy na hazo na zavatra, hafa natao harato.
Tremble, *v*, *n*, tremblingly, *ad.* mangovitra, mipararetra.
Tremendous, *a.* matahotra, mahatsiravina.
Tremour, *s.* tahotra, hovotra.
Tremulous, *a.* matahotra, mangoivitra, mihetsiketsika, mihenavelona.
Tremulousness, s. pararetra.
Trench, *v*, *a.* manao hady, mihiady.
Trench, *s.* hady: manda.
Trenchant, *a.* maranitra.
Trencher, *s.* lovia hazo, latabatra.
Trendle, *s.* kodia.
Trepan, s. antsy fanapahan-taolandoha; fandrikia.
Trepan, *v*, *a.* manapaka amy ny trepan; mamitaka.
Trepidation, *s.* tahotra, fahatahorana.
Trespass, *v*, *n.* mandiso, mandikia.
Trespass, *s*, diso, fahotana.
Trespasser, *s.* mpandiso, mpandikia, mpanota.
Tressed, *a.* mirandrana.
Tresses, *s.* randrana.
Tret, *s.* anaran-danja amy ny varotra; pound 100 andatsahana pound 4.
Trevet, *s.* toko.
Triable, *a.* azo andramana, azo tsarain.
Triad, *s.* telo mikambana.
Trial, *s.* fitsarana, fanandramana; a long trial, kitozan-kabary.

Triangle, triangular, *s.* telo zoro.
Tribe, *s.* fokom-pirenena, firenena.
Tribulation, *s.* fahoriana.
Tribunal, *s.* fitsarana.
Tribune. *s.* officer amy ny Romana.
Tributary, *a.* maneky, mihetra.
Tributary, *s.* ny mandoa hetra.
Tribute, *s.* hetra.
Trice, *s.* mitelo.
Trick, *s.* soloky, fitaka; fanao saina.
Trick, *v. a.* manoloky, mimitaka.
Tricker, *s.* fihatsiny.
Tricking, *s.* haingio, ravaka.
Trickish, *a.* mamitaka.
Trickle, *v. n.* mitete, manamikia.
Triennial, *a.* maharitra telo taona; isan-telo-taona.
Trier, *s.* mpanandrana, mpizaha, mampitsara, mpanantatra.
Trifid, *a.* mizara telo.
Trifle, *v. n.* milaolao, manadala.
Trifle, *v. a.* manao tsy ho zavatra.
Trifle, *s.* tsy zavatra, tsinontsinona.
Trifler, *s.* mpilaolao, mpanadala, mampibedibedy.
Trifling, *a*—ly, *ad.* tsy misy vidy ny, foana, tsy ho zavatra.
Triform, *a.* manan-endrikia telo.
Trigger. *s.* fihatsiny.
Trigonal, *a.* telo zoro.
Trigonometry, *s.* fanoharan-joro.
Trigonometrical, *a.* manoha-joro.
Trilateral, *a.* telo lafy.
Trill, *s.* feo mipararetra.
Trill, *v. a.* mampipararetra, (feo.)
Trill, *v. n.* mitete, manamikia, mipararetra.
Trillion, *s.* tapitrisa tapitrisa tapitrisa.
Trilluminar, trilluminous, *a.* misy telo fahazavana.
Trim, *a*—ly, *ad.* kizokizo, mendrikia soa.
Trim, *v. a.* mamboatra, manafy, manety.
Trim, *v. n.* mahay roa.
